

# HEBREO, TOKO FAHATELO



Manao ahoana, ry sakaiza. Tombontsoa iray ny tonga eto izao maraina izao ao amin'ny asan'ny Tompo. Ary manantena sy mahatoky fotoana lehibe iray isika.

<sup>2</sup> Vao avy teny aoriana aho tao amin'ny . . . izay nantsointsika fahiny hoe biraon'ny diakona, izay misy an'ireo fandraisam-peo ankehitriny, ka niresaka tamin'ny ramatoa tanora iray sy ny reniny iry aoriana iry, avy any Joliet, Illinois. Ary nieritreritra fotsiny aho hoe vokatra iray an'ny fahasoavan'Andriamanitra toy ny inona io zazavavy io. Ny ankamaroantsika manodidina eto dia mahafantatra azy. Izy dia—dia alikaolika iray, iray amin'ilay karazana ratsy indrindra. Ary tsy azoko mazava mihitsy ilay tantara raha tsy izao maraina izao, hoe ahoana rehefa niala teto amin'ny lampihazo izy. Nambaran'ny Tompo taminy izay rehetra tsy nety sy izay hiseho. Dia niala teto amin'ny lampihazo izy, nitomany sy nifaly satria Andriamanitra dia namonjy azy avy tamin'ny—ny fasan'ny mamolava iray. Ary izy . . . Nanatona azy ny ramatoa iray ary nanomboka nitomany, fa ny zananivavy, mino aho fa izay ilay izy, dia voafatotry ny zava-mahadomelina iray. Ary fantatrareo, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, io zazavavy io dia voaantso (minoa aho, ny ampitso hariva ilay izy, Rosella, no voaantso?), ary ilay zazavavy, avy tamin'ny zava-mahadomelina, dia sitrana. Ary mitory ny Filazantsara izy sy ny vadiny. Ary—ary—ary ny mahita ramatoa kely iray mahate-ho tia tahaka an'i Rosella, izay masaka tsara mihitsy. Ary ankehitriny izy, tena mendri-kaja, izy dia manana ny . . . mahatsapa antso iray ao am-pony. Saingy, mahafantatra ny Baiboly mikasika an'ireo vehivavy mpitory teny, hitanareo, fantany fa zavatra hafa izany. Ary Andriamanitra no mitarika azy mankany amin'ireo fonja sy ny sisa, mba hijoro vavolombelona.

<sup>3</sup> Tena mahafinaritra fotsiny ny—ny—ny mahafantatra, ny mikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra. Matetika isika dia manana fihetseham-po iray, saingy tiantsika ny hitondra an'izany fihetseham-po izany ao amin'ny toerany; raha tsy mitandrina ianareo, dia ny devoly no haka an'io fihetseham-po io ka hamadika azy ho zavatra iray. Fa raha mbola mijanona ao amin'ny Baiboly foana isika, amin'izay fotoana izay dia marina isika, hitanareo, mandroso tsara miaraka amin'ny sitrapon'ny Tompo.

<sup>4</sup> Ary noho izany dia mino aho fa—fa amin'ny farany dia hiverina any amin'ireo sahan'asa any ho any i Rosella, satria tsy mila ny Filazantsara i Amerika.

Fantatrarao izany. Mety hanaiky an'izany ihany koa isika, hoe, ity vahoaka Anglo-Saxon ity dia vita. Izay ihany. Tsy misy Filazantsara intsony ho raisin'i Amerika. Oh, manana mpitaritarika vitsivitsy ianareo, indraindray. Fa, raha ny amin'ny Filazantsara mihitsy, dia tapitra izany. Ary tsy afaka mitory amin'izy ireo akory aza ianareo, tsy afaka miresaka amin'izy ireo. Tsy hino na inona na inona izy ireo. Hitanareo? Manana ny heviny mafy orina fotsiny izy ireo, dia milamina izy ireo.

Ary ireo zavatra manaraka ho an'ity firenena ity dia ny fitsarana. Izy dia hahazo an'izany, ihany koa. Mety ho amin'ny alàlan'ny fikorontanana-tsaina izany. Mety ho amin'ny alàlan'ny baomba atomika izany. Mety ho amin'ny alàlan'ny areti-mandringana lehibe iray izany, aretina iray na tahaka an'izany, fa, efa vonona izy. Ho avy izany. An'alinaliny no ho lavo.

<sup>5</sup> Nandalovanay, omaly, izaho sy Rahalahy Zabel, ho . . . ary Rahalahy Wood, tonga avy tany Kentucky, izay nisy anay nandritry ny telo andro, ary nandalo teo akaikin'ny vondrontanàna iray. Hoy Rahalahy Zabel hoe, "Tsy misy. . ." Adinoko. "Saiky tsy misy iray amin'ireo olona, ao amin'io tanàna io, no mba mandeha any amin'ny fiangonana iray."

<sup>6</sup> Raha hanontany azy ireo mikasika an'izany ianareo. "Eny, manana ny televizionanay izahay. Izany no ahitanay fiononana." Hitanareo? Izany no toetra Amerikana. Hitanareo? "Manana televiziona izahay. Manana vola betsaka izahay. Manana fiara tsara tarehy izahay, manana trano tsara tarehy. Inona no ilànanay ny Tompo? Tsy mila an'Izany izahay." Izany ilay toetra.

<sup>7</sup> Saiky ny fivavahana sy ny famonjena tokana izay ananantsika, ary ny fitiavana, dia eo anivon'ireo olona tena masina. Fantatrarao, ny Baiboly no nilaza fa hitranga izany. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ah-hah. Ianareo mpamaky Baiboly, nandre anareo aho nihorakoraka "amena," ary ianareo mpitory teny ery aoriana ery. Fa, marina izany. Ho lasa lavitra ny fitiavana, amin'ny andro farany; ny fitiavana tokana izay ho tavela, dia ho eo amin'ilay Voafidy eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra. "Ny ray hanohitra ny reny, ary ny reny hanohitra ny ray, ary ireo ankizy hanohitra ny raiamandreny, ary hifanohitra ireo sasany." Fa ny fitiavana tokana izay ho tavela, dia ho ilay Voafidy fotsiny, ilay Voafidy fotsiny. Ny teny hoe "Voafidy" dia avy amin'ny teny hoe "Nofidiana," vahoaka nofidian'Andriamanitra.

<sup>8</sup> Ary rehefa niteny tamiko an'ilay tantara i Rosella tao amin'ilay efitra, vao teo, nieritreritra fotsiny aho, hoe, tamin'io hariva io, dia nilaza izy fa nisy zavatra nitranga. Ary ahoana fa nilaza izy, hoe nandritry ny fiainany rehetra, dia efa alikaolika matro-maso iray mihitsy izy. Tsy afaka, tsy nisy Alcohols

Anonymous. Dokotera efatra no nandao azy. Tsy nisy na inona na inona azo natao. Ary ahoana, fa nanomboka tamin'io fotoana io mihitsy, dia nisy zavatra niseho.

<sup>9</sup> Ankehitriny dia tsy io ratsy maso io intsony izy. Izy dia vehivavy iray maha-te-ho tia, tanora tsara tarehy telo amby telopolo taona, ary saiky toy ny roa amby roapolo taona; hoe ahoana fotsiny no nanaovan'Andriamanitra taminy an'izay Nataony, ary ahoana fa toa hafa izy. Ary, fa hoy aho hoe, "Rosella, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, no efa nanandren'Andriamanitra an'io fotoana io." Eny, tompoko. Hitanareo? Marina. Ary rehefa i Billy Paul antitra kely iry aoriana iry, izay misy azy, no nizara karatra fangataham-bavaka ho an'ny olona tamin'io hariva io, dia kely toy ny ahoana no nahafantarany hoe iza no nomeny karatra fangataham-bavaka iray.

Tsy mahafinaritra ve izany, Rosella?

[Hoy Ranabavy Rosella Griffith hoe, "Ranadahy Branham, manontany aho raha afaka hivavaka ho anay ny fiangonana mba hitarihan'Andriamanitra làlana anay, tena mahery Izy."—Mpand.]

Amena. Ny Tompo hitahy anao, Rosella. Azoko antoka fa hataonay izany. Mila ny fiangonana hivavaka izy mba hitarihan'Andriamanitra làlana azy. Izany hoe, manaraka ny Tànany tsy miova. Oh, tena tsara izany.

<sup>10</sup> Nanana tolo-kevitra sarotra aho napetraka teo anoloako, izao maraina izao. Izany dia mikasika ny anankiray, mihoatra lavitra sy mihoatra lavitra ny mpanapitrisa iray izay maniry ny hamokatra any Louisville, Kentucky, ary hanorina tabernakla iray dimy tapitrisa dolara ho ahy. Saingy nisy zavatra tao amin'ny foko ambany tao nanao hoe, "Andraso aloha, tsy pasitera iray ianao." Hitanareo? Koa, noho izany, mety hifanentana tsara ny vola dimy tapitrisa dolara. Ankehitriny raha tokony handeha hankany amin'ny governemanta, handoa ho an'ny whisky sy ny karazan-javatra tahaka an'izany, dia te-hametraka an'izany eo amin'ny tabernakla iray ho an'ny Tompo izy. Saingy manantena aho fa handeha ho any amin'ny mpanompon'Andriamanitra iray izany izay... ary asa iray ho an'Andriamanitra. Fa, dimy tapitrisa dolara mifanentana tsara izany ankehitriny. Eritrereto izany, tabernakla iray toy ny inona no hataon'izany.

Hitanao ve hoe feno voninkazo toy ny ahoana izany, Rosella? Saingy misy zavatra *ato* ambany *ato* izay milaza hafa. Hitanareo? Hitanareo? Zavatra *ato* ambany *ato*.

<sup>11</sup> Miditra *ato* amin'ity tabernakla kely, tranainy ity izahay, ianareo vahiny. Eny, mety ho toerana iray mampiratra eto amin'ny zoron-dàlana eto ity, tsy fantatrareo izany, fa te-hanorina an'ity toerana ity ny olona ary hanao azy. Saingy izao no fomba

itiavanay azy. Hitanareo, izao no fomba itiavanay azy. Ireo seza tranainy izay nipetrahanay tamin'izany, dia ireo—ireo seza tranainy tany am-boalohany an'ny tabernakla eto, dia nandalo tamin'ny tondra-drano ary nitsingevana.

<sup>12</sup> Ny Baibolika dia nisokatra tahaka an'izao teto amin'ny polipitra. Nidòna tamin'ny valin-drihana Izany ary niverina nidina niaraka tamin'ny Teny tao Anatin'ny hoe, “Izaho no Tompo izay namboly azy. Izaho no hanondraka azy andro aman'alina fandrao hisy haharombaka azy amin'ny Tànako.” Toy ny ahoana no nivoizanay nanerana ny tampony tamin'ny lakana iray, *teto*. Ary niverina nidina avy hatrany izy, niverina teo amin'ny toerany avy hatrany ireo seza. Ny hany tsy maintsy nataon'izy ireo dia ny nikosoka azy ary nanohy. Hitanareo? Hitanareo? Noho izany dia izao fotsiny ny fomba itiavanay azy, izay misy vahoaka tsotra iray, toerana tsotra, ary Tompo iray mahafinaritra. Amena.

<sup>13</sup> Ankehitriny, androany, dia manana anankiray izahay, manomboka miditra ao anatin'ilay hero-dronono fotsiny izahay, fantatreo, rehefa ny—rehefa nesorina ny ronono rehetra, dia ny hero-dronono sisa. Ary tsarovy, mila ronono mba hamokatra ny hero-dronono, fantatreo. Ny—ny hero-dronono dia ireo ao anatin'ny ronono.

<sup>14</sup> Noho izany isika dia efa tao amin'ny faha-1, faha-2, ary mamarana ny faha-3 isika, ka hanomboka ny toko faha-4 an'ny Bokin'ny Hebreo lehibe. Ary, oh, ireo fampianaran'ity Boky ity! Afaka mijanona miaraka amin'Izany mandritry ny, eo amin'ny andininy anankiray, mandritry ny telo volana isika, ka haneho fotsiny fa ny Baiboly manontolo dia mifamatotra ao amin'ny andininy tsirairay ao amin'ny Baiboly. Efa mba nieritreritra an'izany ve ianareo? Tsy misy andininy iray izay azonareo ametrahana ny rantsan-tànanareo, afa-tsy, amin'ny fahasoaavana sy ny fanampian'ny Fanahy Masina, izay azontsika ampifamatorana ny Genesisy hatrany amin'ny Apokalypsy ao anatin'Izany.

<sup>15</sup> Tsy misy ampahana literatiora hafa iray voasoratra na aiza na aiza afaka hanao an'izany. Ary ara-matematika, sy ara-jeografia, amin'ny fomba rehetra, dia tsy misy Boky ao amin'ny Baiboly nosoratana tahaka ny Baiboly... Tsy misy boky eto amin'izao tontolo izao, no tiako lazaina, nosoratana tahaka ny Baiboly. Tsy misy na inona na inona. Ireo isa an'ny Baiboly dia ao amin'ny firindrana tanteraka; ireo toko mihitsy aza, sy ireo hirigirika, sy ny rehetra, dia tanteraka. Tsy misy boky hafa iray; tsy afaka mamaky toko iray avy ao amin'izany ianareo ka hifanohitra. Fa tsy misy fifanoherana anankiray ao amin'ny Baiboly manontolo. Ary nosoratan'ny olona maro, maro, maro; ary an-jatony, sy an-jatony, ary an-jatony taona nisaratsaraka, tsy nahafantatra ampahany iray... Ny anankiray nanoratra an'Izany *teto*, ary ny anankiray nanoratra an'Izany *teto*, ary ny

anankiray nanoratra an'Izany *teto*. Rehefa vita niaraka Izany, dia Izany no nanao ny Baibolin'Andriamanitra. Ary tsy misy anankiray manohitra ny iray hafa, ary, tsia, tsy matematika, jeografia. Ny zavatra hafa rehetra an'ny Baiboly, ny zavatra rehetra, isa, ny zavatra rehetra dia mandeha miaraka tanteraka. Raha tsy izany no voatsindrimandry, dia tsy fantatro, hoe inona no hiantsoanareo ny tsindrimandry? Tena faly aho ny amin'ilay Baiboly voatahy, tranainy.

<sup>16</sup> Hoy ny sasany amin'izy ireo hoe, "Katolika ve ianao? Protestanta?"

Hoy aho hoe, "Tsy ny iray akory aza. Mino ny Baiboly aho." Marina izany. Mino ny Baiboly aho, ary faly aho fa mbola manana ny fahalalahana hitory an'Izany foana isika ao amin'ity firenena ity. Oh, mahafinaritra Izy.

<sup>17</sup> Ankehitriny dia hianatra avy ao amin'Izany isika. Koa hamadika ao amin'ny Bokin'ny Hebreo isika ankehitriny ary hanomboka amin'ny toko faha-3. Fa nijanona teo amin'ny andininy faha-15 isika. Ary ankehitriny ianareo rehetra . . .

<sup>18</sup> Nahita olona iray nanamarika aho, vao teo, rehefa naka ny solomaso famakiako aho. Ilay izy tsy hoe ratsy ireo masoko, fa mihoatra ny efapolo taona aho. Afaka mamaky azy aho, *eto* mihitsy, araka ny mahazatra fotsiny, saingy afaka mamaky azy tsaratsara kokoa aho miaraka amin'ny solomaso. Ary nanamboatra solomaso famakiana iray ho ahy izy ireo izay tiako ampiasaina, satria afaka mamaky azy tsaratsara kokoa sy haingana kokoa aho. Ary izany no antony niläko azy ireo. Ankehitriny ao amin'ny . . .

<sup>19</sup> Voalohany, mila foto-kevitra kely iray isika, satria mety misy vahiny vitsivitsy eto anivontsika, izay tsy nahazo an'ilay ampahany voalohany an'ny Bokin'ny Hebreo.

<sup>20</sup> Rtoa. Cox ve ianao, mipetraka eto amin'ny farany eto mihitsy? Eny, azoko antoka fa faly aho mahita azy. Alohan'ny hanombohako mihitsy, ho fijoroana vavolombelona ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Teto dia nisy vehivavy iray niaraka tamin'ny homamiadana nandany ny tarehiny tanteraka. Ny renin-dRanabavy Wood izany. Ary tany Michigan aho niaraka tamin'i Gene sy Leo, ary izy ireo, izay nanao an'ireo fandraisampeo. Ary teny an-dälana nody, dia niantso ahy ny vadiko, na izaho no niantso azy. Hoy izy hoe, "Mandehana mivavaka ho an-dRtoa. Cox izao ankehitriny izao, renin-dRtoa. Wood, satria misy homamiadana iray mandany ny tarehiny." Nandeha nankeo amin'ny ilan'ny maso ary nidina hatrany amin'ny taolana, nisolifatra teo amin'ny ilan'ny tarehiny, ary niparitaka fotsiny. Nanao zavatra iray teo amin'izany ny dokotera iray, fa nanao an'ilay izy hiha-ratsy fotsiny, ka nanaparitaka azy tanteraka; nametraka karazana fanafody tao anatiny.

<sup>21</sup> Ary nentin'izy ireo izy avy tany Campbellsville, Kentucky, nankany...na, mino aho, Acton, Kentucky, nankany—any Louisville, ho an'ny fitsaboana.

<sup>22</sup> Ary noho izany Rtoa. Wood, ny fotoana voalohany izay hany nahitako azy fa trotraka tanteraka izy. Satria, mazava ho azy, izy dia ny—ny—ny mamany, ary azo antoka fa nahatsapa ho trotraka tanteraka izy. Nandeha nankao amin'ny efitra aho ary nivavaka ho azy, niaraka tamin'ny fahatokiana fa Andriamanitra no nilaza fa hamaly vavaka Izy. Ary andro vitsy, dia nivoaka izy. Ary io izy mipetraka eo ankehitriny. Miaraka amin'ny fahasoavana mahagaga, ahoana no Nataony ho azy.

<sup>23</sup> Hitsangana ve ianao? Tsy te-hanao anao ho—ho—ho fampisehoana iray aho...Taiza, taiza no nisy an'ilay homamiadana? Teo—teo amin'ny ilan'ny tarehy, jereo eo, teo amin'io ilan'ny tarehiny io, nanodidina *teto* ambany *teto*, nankeo amin'ny taolan-takolany, niakatra nanodidina ny masonry. Fa nanasitrana azy Andriamanitra. Tsy mahafinaritra ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

<sup>24</sup> Firy no *teto* tamin'ny Alahady lasa nahita an'izay nataon'ny Tompo tamin'ny fahitana iray? Lehilahy, sady kilemaina no jamba, nipetraka teo mihitsy tao amin'ny seza misy kodiarana. Ary nisy zavatra nankarary ahy rehefa nilaza io lehilahy antitra mipetraka eto io hoe, “Rahalalahy Branham...” Mino aho fa io rahalahy eto io mihitsy ilay izy. Hoy izy, “Manaova tahaka an'izany ho an'ny vadiko.” Mitondra ny vadiny eto izy izay kilemaina. Nitsonika fotsiny ny foko. Maniry aho...hanolotra ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao aho raha vitako, saingy ilay izy dia tsy...tsy miankina amin'ny fahefako. Fa miankina amin'ny fahefako sy ny fahefanareo izany, ny hivavaka mba hanaovan'Andriamanitra an'izany. Mitondra vady iray kilemaina izy, tånana malemy, tongotra malemy, toa tahaka an'izany. Ary io lehilahy io dia ratsy lavitra noho izy, satria afaka mitsangana izy ary afaka mandeha kely, fa io lehilahy io dia tsy afaka nanao an'izany akory aza. Ary izy...Ilay ati-doha, ilay hozatra lehibe mampifandanja dia lasa. Ny an'ny Mayo, maro tamin'ireo hafa, dia nandao azy. Ary Katolika iray no naniraka azy *teto*, dokotera Katolika iray; ary ny zananilahy dia pretra iray ao amin'ny Masindahy Meinrad any Jasper, Indiana. Fa mametraka vato fototra ho an'ny fifohazana izay ho avy izany, any.

<sup>25</sup> Ary rehefa nitsangana izy, dia hoy izy hoe, “Saingy izaho tsy afaka...” Nijery izy, nanao hoe, “Eny, afaka aho.” Nihevitra izy fa tsy afaka nahita, fantatrareo. Fa niandrandra izy, ary sendra nampakatra ny lohany fotsiny, dia indro fa afaka namindra sy nahita izy; namindra nanketsy amin'itsy lâlantsara itsy, tamin'ny alàlan'ny tenany. Ary Presbyterana izy ireo. Ortodoksa izy. Ary niresaka...Mihevitra ve ianareo fa ny Pentekotista na ny vahoakan'ny Fahamasinana ihany no afaka miantsoantso;

diso ianareo. Azo antoka fa afaka manao an'ily fiantsoantsoana iray ihany izy ireo rehefa mahita zavatra tahaka an'izany mitranga; nifamihina ary niantsoantso. Namindra avy hatrany ary nidina ny tohatra, nanosika ny sezany misy kodiarana; namindra, niaraka tamin'ireo hozany mampifandanja niala tamin'ny lohany. Eritrereto izany. Mamindra tahaka ahy na ianareo mamindra izy. Oh, mahafinaritra Izy.

<sup>26</sup> Ankehitriny, Paoly no nanoratra ny Bokin'ny Hebreo. Ary ao amin'ity sorany ho an'ny Hebreo ity, dia izy no nanoratra Azy. Ary talohan'ny nanoratany an'ireto Boky ireto, dia hitantsika . . . Ankehitriny, isika dia . . . Kilasin'ny sekoly Alahady iray ity, ary hiezaka aho ny hitandrina ka tsy haka ela loatra. Ary avy eo dia hanana fotoana isika, hanohy azy ireo rahariva, raha sitraky ny Tompo. Ankehitriny, ao amin'ny Bokin'ny Hebreo ary ao amin'ny sisa amin'ireo Epistilin'i Paoly . . .

<sup>27</sup> Iza moa i Paoly? Hebreo iringiriny izy, mahay, ary mpampianatra malaza an'ny Testamenta Taloha. Ary efa nampianarin'ny iray tamin'ireo lehilahy tsara indrindra tamin'ny androny izy. Aoka ny olona iray hiteny amiko hoe iza no anarany. Gamaliela, iray tamin'ireo mpampianatra malaza indrindra tamin'ny androny. Ary nipetraka teo an-tongotr'i Gamaliela i Paoly.

<sup>28</sup> Misy zavatra mikasika ny hoe . . . aiza no andehananareo, fiangonana inona no andehananareo, ary mpampianatra iza no mpampianatra anareo. Efa fantatrareo ve izany? Izany—misy zavatra amin'izany. Noho izany dia tokony hitady ny tsara indrindra izay mety hitantsika isika, mba hahazoantsika ny tsara indrindra; tsy hoe satria azo iaraha-monina sy ny sisa ilay izy, fa tena fampianarana ara-Baiboly.

<sup>29</sup> Jereo, indray mandeha rehefa niditra tao an-efitra niaraka tamin'ny tafiny ny Isiraely, ka nihodina fito andro, ary tsy nanana rano izy ireo. Ary saiky levona izy ireo, hoy izy ireo hoe, “Oh, raha mba nisy mpaminany iray teto akaiky teto!”

<sup>30</sup> Dia hoy ny iray tamin'izy ireo hoe, “Manana isika eto, Elisa. Izy no nanondraka rano ny tanaan'i Elia.” Hitanareo ve ny mpiara-miasa taminy? Amin'ny teny hafa dia hoe, “Indro i Elisa izay nanana fiaraha-miasa tamin'i Elia. Miaraka aminy ny Tenin'ny Tompo.” Azonareo ve izany? Efa nampianarina tsara izy. Dia hoy izy hoe, “Eto izy. Ndao isika handeha ka hanontany azy, satria Elia no mpampianany, ary manana ny fampianaran'i Elia ao aminy izy.” Hitanareo ve hoe fahasamihafana iray toy ny inona no ataon'izany? Azo antoka. Te-ho ampianarina isika.

<sup>31</sup> Noho izany, Paoly dia nanana ny fampianaran'i Gamaliela. Ary Gamaliela no ilay lehilahy malaza izay nanao ny safidy, satria ny tenany dia mahay iray, ka rehefa nanomboka ity fanadiovana rehetra an'ily fiangonana voalohany ity, dia hoy izy hoe, “Aoka isika tsy hametraka ny tanantsika eo

amin'izany, ry rahalahy. Raha tsy avy amin'Andriamanitra izany, dia ho foana, na ahoana na ahoana. Fa raha avy amin'Andriamanitra izany, ka miady manohitra an'izany isika, dia hahita ny tenantsika hanohitra an'Andriamanitra isika." Hitanareo, nanana fampianarana tsara iray izy.

<sup>32</sup> Nitombo teo ambanin'io lehilahy io i Paoly, ary fantany fa mpampianatra malaza iray i Paoly. Noho izany, indray andro, nahitsy tao am-po, dia nanenjika an'ilay Fiangonana izy, nandeha mba hisambotra azy ireo.

<sup>33</sup> Ankehitriny dia ndao isika haka lafiny kely iray fotsiny ny amin'i Paoly, raha manao ny foto-kevitsika isika.

<sup>34</sup> Rehefa lavo i Jodasy, nohon'ny heloka, nohon'ny fitiavam-bola sy avonavom-piainana, dia lavo avy tamin'ny fahasoavana izy ary nandeha nankany amin'ny toerany. Dia hoy ireo mpianatra hoe, "Tsy maintsy misy roa ambin'ny folo." Ary ny fiangonana, niaraka tamin'ny fahambonian-toetrany rehetra, mba hanehoana aminareo hoe inona ny fiangonana; niaraka tamin'ny fahambonian-toetrany rehetra sy ny heriny rehetra, dia mbola tsy feno any amin'ny an-tapitrisany mailly foana, ao amin'ny tena tsarany indrindra. Hoy izy ireo hoe, "Tsy maintsy mitady isika, anankiray eo anivontsika, izay haka an'ilay toerana." Dia nifidy izy ireo, tamin'ny filokana, an'i Matia. Matea, mino aho, na Matia. Matia, mino aho fa izay ilay izy. Ary taorian'ny nifidianan'izy ireo azy sy nametrahan'ny azy niaraka tamin'ny roa ambin'ny folo, niaraka tamin'ny iraka ambin'ny folo, izay nahavita an'ilay roa ambin'ny folo, dia tsy nanao zavatra anankiray mihitsy izy. Izany ihany no fotoana tokana izay hany nahavoatonona ny anarany tao amin'ny Soratra. Izany ilay fiangonana nanao ny safidiny.

<sup>35</sup> Ankehitriny, nieritreritra izy ireo hoe, "Lehilahy mihaja izy." Tsy isalasalana. "Lehilahy mahafinaritra izy. Mahay izy. Manantsaina izy. Nianatra izy. Olona mahafinaritra izy. Izy no haka ny toeran'i Jodasy ary ho isan-tsika."

<sup>36</sup> Saingy, fantatrareo, Andriamanitra matetika dia manao ny sasany avy amin'ny...amin'ny hevitsika, ny sasany avy amin'ireo safidy adala indrindra. Ankehitriny, nahita Jiosy kely iray mifaingok'orona Andriamanitra, feno hatezerana mihitsy arak'izay naha-izy azy, niaraka tamin'ny vavany nivilana, "Handeha any aho, hisambotra ny tsirairay avy amin'izy ireo. Izaho dia—hatsipiko ao am-ponja izy ireo. Hanao an'ity aho." Izany no safidin'Andriamanitra.

Ny sisa tamin'izy ireo dia naka mahay iray sy diplomaty iray. Izany no safidin'ny fiangonana.

<sup>37</sup> Hitanareo, tsy fantatrareo hoe iza ilay eo amin'ny alitara. Tsy fantatrareo hoe iza ilay ijoroanareo vavolombelona, ao am-ponja na aiza na aiza ilay izy. Mety ho mpanao adi-totohondry iray izany, potika ny sofiny, niendaka ny hodi-maso, ary, fa tsy



fantatrareo hoe iza io. Manao ny anjaranareo fotsiny ianareo, dia izay ihany, omeo azy ny Teny. Andriamanitra no manao ny safidy.

<sup>38</sup> Ary nisafidy an'ity Jiosy kely mora tezitra ity Andriamanitra, na nifidy azy, raha ny marina. Teny amin'ny lalany, "Handeha any aho ary haka azy ireo. Izaho dia—hasehoko azy ireo tahaka an'izany hoe inona no mety ho vitako," fa nanjera azy fotsiny Andriamanitra.

Hoy Andriamanitra hoe, "Izany no Safidiko, teo mihitsy."

<sup>39</sup> Tsy ho adala ve izany, ho an'ilay fiangonana? "Nahoana, manenjika ny fiangonana izy. Lehilahy ara-nofy iray izy." Fa fantatr'Andriamanitra izay tao anatin'ilay lehilahy. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina?

<sup>40</sup> Noho izany, dia nanana fahatsapana iray i Paoly. Firy no mino fa ny fahatsapana dia avy amin'ny fiovam-po? Azo antoka. Raha tsy izany ilay izy, dia hisalasalala ny amin'ilay fiovam-po aho. Ny fiovam-po no mitondra fahatsapana. Ary tsy afaka mametra an'izany amin'ny zavatra iray ianareo ankehitriny. Indraindray dia mety ho fiantsoantsoana izany. Indraindray dia mety ho fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra izany. Indraindray dia mety ho fitomaniana izany. Indraindray dia mety ho fitarainana izany. Tsy fantatrareo hoe inona ilay izy, noho izany dia aza manandrana mametra an'izany. Satria, ny tsirairay avy aminareo dia efa nanaporofy fa diso tao amin'izany, ianareo Metodista, ary ianareo Batista, sy ianareo Nazareana, ary Pentekotista.

<sup>41</sup> Efa nahita olona niantsoantso mafy arak'izay azony niantsoantsoana fotsiny aho, nefa hangalatra ny volamena avy eo amin'ny nifinareo, raha vitany. Eny, tompoko. Efa nahita olona niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny mandraraka pitipoa eo amin'ny hoditr'ombivavy maina aho, nefa—nefa ampahamarinana tanteraka, miaraka amin'ny vovom-paraky eo amin'ny ilany hafa an'ny vava, sy manapaka ny tendanareo raha azon'izy ireo atao izany. Marina izany. Noho izany ireo zavatra ireo dia tsy... Tsy misy porofy izay azonareo hanaporofoina an'izany, fa amin'ny alalan'ny fiainana izay iainan'ilay olona irery ihany. "Ny voany, no hahafantarareo azy ireo."

<sup>42</sup> Noho izany, dia miankina amin'Andriamanitra izany. Izy no manao ny safidy. Izy no mitondra an'ireo zavatra miaraka, ary tahaka an'izany ilay izy. Noho izany raha mitaha amin'ireo voan'ny Baiboly ny fiainanareo, dia manana fiheverana tsara mihitsy ianareo. Raha manambara miaraka amin'Ny Fanahiny ny fanahinareo, hoe zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ianareo, ianareo dia... Lasa ilay ratsy tranainy rehetra, ka lasa vaovao ny zavatra rehetra, ary miaina amin'ny fitiavana ianareo, ary manana fiadanana, sy fahasoavana, sy ny sisa, lasa tena akaikin'ny Fanjakana ianareo amin'izay fotoana izay. Satria,

ilay Aina izay ao anatinareo no hamokatra an'izany karazana fiainana izany. Hitanareo?

43 Raha hoy ianareo hoe, “Oh, haleloia, niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra aho. Haleloia!” Tsy midika na inona na inona izany. Izany dia tsy midika mihoatra ny hoe raha tonga eto ianareo ka mitendry feon-kira iray amin’ny gitara iray na tahaka an’izany. Tsy midika zavatra iray mihitsy izany. Na dia niteny tamin’ny fiteny tsy fantatra aza ianareo, na dia niantsoantso aza ianareo, na nihazakazaka nandroso-sy-niverina teo amin’ny làlantsara, ary nitomany an-dranomaso hany ka toy ny hoe namaofy tongolo ianareo, dia tsy midika zavatra iray izany, tsy zavatra iray, raha tsy manamarina an’izany marina tokoa ny fiainanareo isan’andro, hoe mijanona miaraka amin’izany.

44 Ankehitriny, raha manao an’ireo zavatra ireo ianareo, miampy an’izany fiainana izany, “amena,” izany, dia mahafinaritra. Tsara izany. Fa afaka manao an’ireo zavatra ireo ianareo nefa tsy manana an’izany fiainana izany.

45 Koa noho izany, tsy ny fiantsoantsoana, tsy na inona na inona tahaka an’izany no porofo. Hoy Jesosy hoe, “Ny voany, no hahafantaranareo azy ireo.” Ary ny vokatry ny Fanahy dia tsy ny fitenenana amin’ny fiteny tsy fantatra. Tsy izany no vokatry ny Fanahy. Ny fiantsoantsoana dia tsy vokatry ny Fanahy. Ny fitomaniana dia tsy io vokatry ny Fanahy io. Fa, fitiavana, fifaliana, fiadanana, fiaretana, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy, finoana, fahalemam-panahy, fahononampo, izany ireo vokatry ny Fanahy. Hitanareo? Izany no vokatry ny Fanahy. Eny àry.

46 Ankehitriny, ny antony ananantsika an’ireo zavatra ireo, dia tian’izy ireo ny manao rafi-pandaminana, hitanareo. “Eny, hanana azy izahay. Isaorana Andriamanitra, ny rehetra izay mino tahaka ny inoanay, dia handeha amin’ity làlana ity izahay. Ny rehetra izay mino tahaka ny inoanay, dia handeha amin’ity làlana ity izahay.” Fa Andriamanitra dia mila ny rehetra handeha amin’ity làlana ity, miakatra avy hatrany.

47 Ankehitriny, Paoly, rehefa avy nanana an’io fahatsapana io izy, tamin’izay fotoana izay dia nihevitra izy fa fahatsapana mahafinaritra iray izany. Ankehitriny, ahoana... Ndao isika—ndao isika—ndao isika hiteny kely fotsiny an’io fahatsapana io. Teny amin’ny làlany nankany Damaskosy i Paoly, mba hisambotra olona vitsivitsy tany, satria niparitaka ny Filazantsara tany. Ny *Filazantsara* dia midika hoe “ireo vaovao tsara.” Ary noho izany dia niparitaka izy ireo tany, ary olona maro no nitsangana, feno fitiavana, sy fifaliana, ary tia ny Tompo Jesosy. Ary tahaka an’izany no Niparitahany tany. Noho izany, dia naka taratasy vitsivitsy avy tamin’ny mpisoronabe i Paoly. Hoy izy hoe, “Handeha any aho, ary hisambotra azy ireo, ny tsirairay avy.”

48 Noho izany dia nitondra antoko kely iray avy tamin'ireo mpiambina izy, mpiambina ny tempoly, miaramila, nandeha teny an-dàlana izy. Raha mbola nandeha teny an-dàlana izy ireo, ary izy izay nahafantatra mihitsy an'izay rehetra hataony, tampoka teo, dia nisy zavatra nitranga. Tampoka teo, dia nisy Hazavana lehibe teo alohany, Hazavana lehibe. Ankehitriny, namiratra tahaka ny masoandro Izany. Izany dia zavatra hafahafa iray nitranga. Namiratra mafy ilay Hazavana hany ka izy fotsiny, nivoaka ny masony, saiky. Ary nianjera tamin'ny tany izy. Ary izy—nandry tamin'ny tany izy, ka niandrandra.

49 Nisy lehilahy folo na dimy ambin'ny folo angamba niaraka tamin'ny. Nisy anankiray tamin'ireo lehilahy ireo ve nahita an'io Hazavana io? Tsia, tompoko. Paoly no nahita Azy. Tsy voatendry hahita an'Izany ireo lehilahy ireo. Noho izany, ny olona sasany dia afaka mahita zavatra, fa, ny hafa tsy afaka. Hitanareo? Noho izany, dia i Paoly no nahita an'io Hazavana io, hany ka nanajamba azy mihitsy aza Izany. Tsy afaka nahita izy, nandritry ny andro maro, tena zava-misy iray Izany ho azy. Ary tsy afaka nahita izy nandritry ny maro . . .

Taty aoriana, rehefa nanoratra an'ireo epistily izy, dia nanelingelina azy mafy ireo masony avy tamin'io, hany ka nanoratra tamin'ny litera goavana be izy. Hoy izy hoe, “Hita fa nanoratra ho anareo tamin'ny litera lehibe aho.” Zara izy raha afaka nahita.

50 Tao am-ponja izy, ary nangataka tamin'ny Tompo mba hanasitrana azy amin'izany. Ary nanontany Azy intelo izy. Fa inona no nolazain'ny Tompo? “Ampy ny Fahasoavako, ry Paoly.”

51 Hoy i Paoly hoe, “Noho izany dia sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko.” Satria, hoy izy hoe, “Fandrao hirehareha nohon'ny habetsaky ny Fanambarana aho, dia nomena ahy ny iraky ny devoly, tsilo iray teo amin'ny nofo, izay mandronjina ahy.” Niha-tsaratsara kokoa izy nandritry ny fotoana fohy, ary avy eo dia nandeha indray izy ireo.

*Mandronjina* dia midika hoe “fandònana miampy fandònana.” Tahaka ny sambo eny ambonin'ny ranomasina, fantatrareo, mandronjina azy ireo onja, hitanareo, fandònana miampy fandònana.

Ary izy dia, niha-tsaratsara kokoa izy, ary avy eo dia tratran'izany indray; avy eo dia niha-tsaratsara kokoa, tratran'izany indray. Hoy izy hoe, “Tompo, inona ny olana, tsy Anesoranao an'ity amiko?”

52 Hoy Izy hoe, “Ampy ny Fahasoavako, ry Paoly. Manohiza fotsiny.” Izany dia nitohy . . .

53 Hoy izy hoe, “Ankehitriny, raha—raha tanteraka fotsiny aho, ary tanteraka ny zavatra rehetra,” hoy izy, “amin'izay fotoana izay rehefa handroso aho, oh, dia hibontsimbontsina aho ka hanao hoe, ‘Hitanareo, tsy misy na inona na inona tsy mety

amiko. Ny Tompo no niahy ahy, rahalahy. Haleloia!” Amin’izay fotoana izay dia ho lasa mpanamari-tena ianareo.

<sup>54</sup> Tsy maintsy manome zavatra kely anareo Andriamanitra, matetitika, mba hampahalemy kely anareo, fantatrareo. Marina izany. Mba hanao anareo hahalala kely fa Izy no Lehibe. Oh, tsy mahafinaritra ve Izy? Eny, tompoko, voninahitra fotsiny!

<sup>55</sup> Noho izany izy, Paoly, tamin’izay fotoana izay, nahoana, rehefa avy nanana an’io fahatsapana lehibe io . . .

<sup>56</sup> Ankehitriny, raha olona iray amin’izao andro izao izany, dia hilaza izy ireo hoe, “Oh, isaorana Andriamanitra, haleloia. Ry tovolahy, nanao zavatra ho ahy ny Tompo! Voninahitra ho an’Andriamanitra!” Fa tsy i Paoly; mpahay Baiboly iray izy.

<sup>57</sup> Tsy maintsy mitovy tsara amin’ny Tenin’Andriamanitra io fahatsapana io. Eny, tompoko. Raha tsy miraikitra manontolo amin’ny Baiboly ilay izy. . . Tsy hoe mijery *eto* fotsiny, manao hoe, “Oh, eny, ity eto ity mihitsy izany. Isaorana Andriamanitra, nahazo Azy aho.” Hah-ah. Tsy tahaka an’izany no anomezan’Andriamanitra Azy.

<sup>58</sup> Izany dia tsy maintsy ny Baiboly manontolo, ny rehetra amin’izany. Satria, ianareo dia afaka. . . Ireo tsi-mahatoky dia mampiasa an’ity Baiboly ity ho toerany hiadiana hevitra. Fa haka Soratra kely *eto* izy ireo, hamadika eto ary haka anankiray kely *eto*, hiezaka hamatotra azy ireo miaraka, ka ho lohahevitra roa samihafa izany, ny manontolo. Noho izany, dia tsy maintsy manao ny Soratra hitaha amin’ny Soratra ianareo.

<sup>59</sup> Araka ny nolazain’i Isaia, ny toko faha-28 hoe, “Izany dia tsy maintsy fitsipika anampy fitsipika, fitsipika anampy fitsipika; kely eto, kely etsy.” “Hazòny mafy izay tsara.” Hitanareo, tahaka an’izany no Ahatongavany: fitsipika anampy fitsipika anampy fitsipika, Teny anampy Teny, Soratra anampy Soratra. Tsy maintsy atambatra miaraka Izany. Izany no antony hoe, heveriko, ao amin’ireto lesona tahaka ny ananantsika ankehitriny ireto, dia zava-dehibe ho an’ny fiangonana izany, satria izany no mitondra azy ireo eo amin’ny toerana iray izay ifatoran’ny Soratra rehetra miaraka. Ary ny fahatsapantsika dia tsy maintsy mifatotra amin’ity Soratra ity. Oh, izany no izy! Raha tsy izany, amin’izay fotoana izay dia diso ilay izy.

<sup>60</sup> Ary ahoana fa nandeha nandritry ny taona maro aho, tsy nahafantatra hoe inona io Hazavana izay nanjera an’i Paoly io. Nefa, ilay izao tontolo izao any ivelany, ireo Soratra. . . Ny olona, niezaka niteny tamiko ireo mpitory teny hoe, “Avy amin’ny devoly izany. Nahoana, ho mpanao hatsarana iray ianao. Ho momba ny fanahy iray ianao. Aza miadaladala amin’izany ianao, ry Billy. Misy zavatra tsy mety amin’izany. Aza manao an’izany, ry tovolahy. Diso izany. Ny devoly izany. Eny, ry tovolahy, ho mpahita tsotra iray ianao. Ho momba ny fanahy iray ianao raha

manao an'izany. Oh, io rehetra io dia avy amin'ny devoly. Izany dia—tsy marina izany.” Fa rehefa . . . Tsy tiako ny nitory an'izany.

<sup>61</sup> Fa raha teny amin'ny làlana nankany Damaskosy, dia tsy tian'i Paoly ny nitory an'izany, mandra-pahitany na marina ilay izy na tsia. Noho izany dia nandeha nidina nankany Arabia nandritry ny telo taona izy, ary nianatra ny Soratra. Ah! Rehefa nivoaka izy, dia hoy izy hoe, “Ankehitriny esory amiko izany.”

<sup>62</sup> Fantany fa tsy maintsy niatrika an'ireo Fariseo izy. Tsy maintsy niatrika an'ireo Sadoseo izy. Tsy maintsy niatrika an'izao tontolo izao izy, ary ilay izao tontolo izao Jentilisa. Koa noho izany i Paoly, ity Baiboly ity dia voasoratra, ity Bokin'ny Hebreo ity, dia voasoratra ho an'izany tanjona izany. Mandona an'ireo Hebreo izy, ary maka an'ilay Testamenta Taloha ka maneho Azy eto ao amin'ny Testamenta Vaovao. “Izany dia Andriamanitra,” hoy izy, “indro Izany, eo—eo amin'ireo mpaminany rehetra sy ny zavatra rehetra.” Manomboka any aoriana any tany amin'ny fiandohana, ny toko faha-1 izay nananantsika hoe, “Fa Andriamanitra tamin'ny fotoana samihafa, tany aoriana tany tamin'ny andro fahiny, tamin'ny fanao samihafa, dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany.” Toy izany no nitondran'Andriamanitra ny Hafany, notsapaina tamin'ny alàlan'ny Orima Tomima. “Fa amin'izao andro izao kosa dia niteny tamintsika tamin'ny alàlan'Ny Zanany, Kristy Jesosy,” notsapaina tamin'ny alàlan'Ny Baiboliny. Eo ianareo izao.

<sup>63</sup> Noho izany ireo fahatsapana ireo izay lazain'izao tontolo izao hoe, “Oh, ara-tsaina izany. Nahoana, tsy misy olona . . .” Rehefa niseho io Anjely io, io Hazavana io teto amin'ilay renirano, rehefa nitory ny fifohazako voalohany teny amin'ny zoron-dàlana aho, nanao batisa an'ireo olona rehetra ireo izahay . . . Mino aho, Rahalahy Fleeman, ianao dia mety tany amin'ilay . . . tsy fantatro na teto ianao tamin'izany na tsia. Firy no teto rehefa ilay—rehefa niseho teo amin'ny renirano ilay Hazavana? Misy an'ireo an'ny andro fahiny ve eto? Eny, ny sasany amin'izy ireo. Rehefa nidina teo amin'ny renirano teto Izany.

<sup>64</sup> Dia hoy izy ireo hoe, “Fiheverana ara-tsaina iray fotsiny izany.” Maro amintsika no nitsangana, nijery an'Izany, ary indro fa nidina Izany. Ary avy eo taona maro taty aoriana, dia noporofoin'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny maso mekanikan'ny fakan-tsary Izany. Marina izany.

<sup>65</sup> “Eny, izany ve—tantara foronina ve izany? Zavatra iray ve izany izay—izay . . .” Tsia, tompoko. Maka an'izany ato amin'ny Baiboly mihitsy izahay ary maneho aminareo. Izany no Tompo Jesosy tsy miova. Manao an'ilay zavatra iray ihany Izy. Tsy miova ny Fihetsiny. Tsy miova ny Heriny.

<sup>66</sup> Jereo, tamin'ny Alahady lasa, teto. Tany, nandry teo amin'ny fandriako, tsy mbola nahita an'ilay lehilahy mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Tonga aho ka nanao hoe, "Misy lehilahy iray ato amin'ny tabernakla, ary fotsy volo izy, mainty volo, miha-fotsy. Jamba izy, ary tsy afaka mamindra. Ao amin'ny seza misy kodiarana iray izy. Lehilahy mainty volo iray no naniraka azy; dokotera iray, Dr. Ackerman, lehilahy mainty volo iray, lehilahy Katolika. Naniraka lehilahy iray izy, mipetraka eo mihitsy. Ary HOY NY TOMPO HOE," mitsangàna, mamindrà miaraka amin'ny fahitanao sy ny zavatra rehetra. Inona no nanao an'izany? Eto ilay Anjely iray ihany. Ilay Anankiray ihany izay nanjera an'i Paoly, teny amin'ny lâlana nankany Damaskosy, velona ao amin'Ny Fiangonany sy ny Olony androany. Izany no Soratra mitaha amin'ny Soratra. Tahaka an'izany no tsy maintsy maha-izy azy.

Oh, manana an'ireo *matimaty* isika. Hiditra eo amin'izany isika, afaka kelikely.

<sup>67</sup> Oh, manana zavatra lalina iray isika eo anoloantsika, raha afaka hiditra ao amin'izany isika, androany sy rahariva. Ankehitriny dia manomboka miditra fotsiny ao amin'ireo rano lalina ilay izy. Izay misy anareo . . .

<sup>68</sup> Fantatrareo, fony aho zazalahy kely iray, dia nanana kamory kely iray aho taloha tao ambadik'ilay toerana, ary nandeha tao aho. Ary izahay ankizy kely rehetra dia niditra tao, nitanjaka; kely, teo amin'ny enina, fito taona teo. Ary izahay . . . Saiky tahaka an'*izao* ny halalin'ilay rano. Tsy nisy afa-tsy fota-kisoa iray fotsiny ilay izy. Ary nanana kesi-tsavony iray aho tany. Nasehoko fa afaka mitsoraka aho; nihazona ny oroko, ary nitobatobaka, nandeha tahaka an'*izao*. Ary nidona tamin'ny fotaka ny kibo keliko, fantatrareo, ka nanidina tany amin'ny lafiny rehetra fotsiny ilay izy. Niteny tamin'i dadako aho hoe mahay milomano aho.

<sup>69</sup> Nentiny niverina tany aho indray andro. Hoy izy hoe, "Te-hahita anao milomano aho." Nitsambikina tao aho, fantatrareo; nesoriko ny akanjoko, tao amin'ilay ala kely milobolobo; dia nihazakazaka, nitsambikina tao amin'ilay rano. Nanomboka nitobatobaka aho, nanidina tany amin'ny lafiny rehetra ny fotaka. Ary nipetraka teo ambonin'ny fantson-drano iray i Papa. Nipetraka teo izy ary nandinika ahy nandritry ny minitra vitsy. Hoy izy, "Mivoaha avy ao amin'io lava-drano io, ary mandehana mandro, dia modia any an-trano." Hitanareo?

<sup>70</sup> Eny, saiky tahaka an'izany fotsiny ilay izy, amin'ny sasany amintsika izay miantso ny tenantsika ho Kristiana. Mandady ao anaty fotaka isika. Marina izany. Raha mbola mifikitra foana ianareo hoe, "Methodista aho. Pentekotista aho. Presbyterana aho. Manana porofo iray aho; manana Azy aho." Mandady ao anaty fotaka ianareo.

71 Niaraka tamin'ny dadatoako aho indray andro. Nanohy niteny taminy aho... Teo amin'ny dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo taona teo izy. Tany amin'ny renirano izahay. Hoy aho hoe, "Dadatoa Lark, mahay milomano aho." Dia nipetraka taorian'ilay lakana aho, fantatrareo, nahatsapa ho tsara sy voaaro. Nalainy fotsiny ilay fivoizana ary natosiny aho, tao anatin'ny rano saiky folo dian-tongotra. Hafa ilay izy tamin'izay fotoana izay; ireo fitobahana rehetra, hiakiaka, izay hany renareo teo amin'ny fiainanareo.

72 Amin'ny andro iray izay ahavoatosika anareo, dia tsaratsara kokoa ho anareo ny mahafantatra hoe aiza no itsangananareo. Eny, tompoko. Raha mahafantatra Azy ianareo, ianareo dia ho... Tsaratsara kokoa ny tena mahafantatra Azy marina. Marina izany.

Fa ankehitriny dia hiditra ao amin'ny rano lalina isika, rano lalina, izay hampilentika anareo raha ianareo—raha tsy Kristiana tsara iray, tena matavy ianareo.

73 Mariho ny Teny. Paoly, no nahita an'izany aloha. Niverina tao amin'ny Testamenta Taloha izy, ary nahita an'ity. Hitany io fahatsapany io, tanteraka tokoa. "Ankehitriny inona Io nanjera ahy io?"

74 Hazavana iray izany, Hazavana goavana nitsangana teo, namiratra tahaka ny masoandro, nijoro teo anoloan'ny tavany. Hoy Izy hoe, "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?"

75 Hoy izy hoe, "Tampo, Iza moa Ianao izay enjehiko?"

76 Hoy Izy hoe, "Izaho no Jesosy."

77 "Nihevitra aho fa Izy dia—dia lehilahy iray, nanana tãnana nisy holatra, izay lazain'izy ireo fa niseho tao amin'ireo fivoriana ankehitriny, niaraka tamin'ny holam-pantsika teo amin'ny Tãnany sy ny Lohany." Tsia, tsia; tsy io vatana io, tsy tao amin'io vatana io. Hitanareo? Hazavana iray Izy ankehitriny. Saoly... .

78 Rehefa teto an-tany teto Izy, dia hoy Izy hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Aho. Hiverina amin'Andriamanitra Aho."

79 Izy no ilay Anjely izay nitarika an'ireo zanak'Isiraely tao anatin'io Hazavana io, nanerana ny an-efitra. Niverina nankany amin'io Hazavana iray io ihany Izy. Ary nahita Azy i Paoly, avy tao amin'ny Testamenta Taloha. Hoy Izy hoe, "Izaho no Jesosy, ilay Anjelin'ny Fanekena."

80 Ary tonga nofo Izy, mba hanavotra antsika. "Tsy naka endrik'Anjely," hitantsika tao amin'ireo toko teo aloha, izay nianarantsika. "Tsy naka ny natioran'Anjely mihitsy Izy, fa ny Taranak'i Abrahama," mba ahafantarana Azy, mba ahafahan'ny olona *mahita* an'Andriamanitra. Amena.

Ankehitriny dia hoy Izy hoe, "Hiverina amin'Izany Aho."

81 Ary rehefa hitan'i Paoly Izany, dia hoy izy hoe, "Azo antoka, fa Izy io. Izy io."

82 Nanana fahatsapana iray i Petera indray alina raha mbola nivavaka izy. Io Hazavana iray io ihany no niditra tao amin'ilay tranobe, nanokatra an'ireo varavarana teo alohany, nandeha nivoaka nankeny an-dàlambe. Ary nihevitra i Petera fa nanonofy izy; tena voahosotra izy. Tsy fantany izay niseho. Hoy izy hoe, "Vao avy nifoha fotsiny ve aho? Fa eto ivelany eto an-dàlambe aho."

83 Dia nandeha nankany an-tranon'i Jaona Marka izy. Ary nanokatra ny varavarana ilay zazavavy kely, ramatoa kely iray tao, izay tao amin'ilay fivoriam-bavaka. Nisy olona nandondòna teo am-baravarana. Nosokafany ny varavarana. "Oh," hoy izy, "indro i Petera izao ankehitriny izao. Nivavaka ho azy ianareo mba ivoahany avy tao an-tranomaizina. Ny Tompo no nanafaka azy."

84 "Oh," hoy izy ireo, "manohiza."

"O Tompo, afaho izy!"

85 "Nahoana," hoy izy, "mijoro ao am-baravarana izy, mandondòna."

Nanohy nikapoka fotsiny i Petera hoe, "Avelao aho hiditra."

86 "Oh," hoy izy, "Petera io." Tamin'ireo andro ireo, mbola manana azy foana izy ireo, hazo kely mitsivalana iray. Sarena kely eto, izay hakarinareo sy hijerenareo ny any ivelany, hitanareo. Alohan'ny hamelanareo ny vahininareo hiditra, dia tokony ho fantatrareo hoe iza no mandondòna ao am-baravarananareo. Satria, nanana jiolahy izy ireo; raha sokafanareo ny varavarana, dia hamono anareo izy ireo.

87 Noho izany, dia nosokafan'izy ireo ny varavarana. Hoy izy hoe, "Petera io."

88 Hoy izy ireo hoe, "Oh! Oh, oadray, maty izy. Anjeliny io mitsangana eo io. Hitanareo? Efa ao amin'ny vatany nomem-boninahitra izy, fantatrareo, ilay teofania."

89 Tsaroanareo ve hoe ahoana no nandraisantsika an'Izany, ilay Diamondra goavana, ahoana no nampitarafan'Izany an'ilay Hazavana, ahoana no Niverenany teo? Ilay. . . "Raha levona ity tabernaklan'ny tany ity, dia manana anankiray isika izay efa miandry."

Dia nihevitra izy ireo fa efa maty i Petera, efa nihintsana ny vatany tranainy, ary handevina an'izany izy ireo afaka andro vitsy, efa niditra tao amin'ny anjeliny izy, na ny nomen-. . . Tsy vatana nomem-boninahitra, fa tao amin'ny teofaniany, ilay vatana izay efa nomanina. Tsy afaka handray tânana anareo izany. Tsy manana tânana ho raisina izany, tahaka an'izao, fa ao amin'ny endrik'olona iray izany. "Tonga izy, ary nandondòna teo am-baravarana."



90 Hoy izy hoe, “Tsia. Petera io. Mitsangana eo izy.” Nosokafany ny varavarana ary niditra izy. Teo izy. Ankehitriny, efa nahafahan’io Hazavana io i Petera.

91 Ankehitriny, tahaka an’izany koa ilay voalohany...hoe i Paoly, tao amin’ily Fiangonana voalohany, dia nahita an’ily Hazavan’Andriamanitra izay namiratra teo amin’i Paoly, ilay Zavatra iray ihany no nidina. Ankehitriny, afaka milaza ny zavatra rehetra ny olona, tsy manao an’ily izy ho marina anefa izany. Fa rehefa Andriamanitra no manaporofy zavatra iray, dia ny asan’Izany no manaporofy Azy. Noho izany, ny fakan-tsary no manaporofy Azy. Ary ny zavatra rehetra izay isika...izay nataon’ny Tompo, dia efa tena voaporofy tanteraka tokoa, tsy mety diso fa Andriamanitra Izany, amin’ny alàlan’ny Soratra, amin’ny alàlan’ny Fihetsiny, amin’ny alàlan’ny fahatsapana. Fa tsy hihaino izy ireo.

92 Jereo ato amin’ity tabernakla eto ity. Ankehitriny, tsarovy, fantatrareo ity. Tsy maniry hahazo olona betsaka isika. Tsy manana toerana hametrahana azy ireny isika, na ahoana na ahoana. Fa, jereo. Ny fivoriana iray amin’izao karazany izao, izay ahatongavantsika miaraka ho an’izao, dia tokony hahasintona ny Falls Cities. Saingy maty izy ireo. Maty tanteraka tokoa izy ireo. Mana-maso izy ireo fa tsy afaka mahita.

Hoy ianareo hoe, ianareo, “Nahoana, Rahalahy Branham, tsy handeha any amin’ny dokotera ve izy ireo ka hanitsy ny masonry?” Tsy afaka manitsy an’io karazana fahitana io izy.

93 Hoy Jesosy hoe, “Raha nahafantatra Ahy ianareo, dia ho nahafantatra ny Androko.” Hoy Izy hoe, “Ianareo Fariseo jamba. Afaka mamantatra ny endriky ny lanitra ianareo, saingy ireo famantaran’ny fotoana kosa, dia tsy hainareo fantarina.”

94 Mandalo eo an-tampon’ny lohanareo ve izany? Henoy. Jereo ireo famantarana izay iainantsika ato. Ankehitriny, izany dia tsy anankiray...Izaho, ny tenako, lehilahy iray fotsiny aho, tsy mpitory teny iray akory aza, mba hiresaka. Tsy manana fianarana aho, izay antsoin’izao tontolo izao hoe, “mpitory teny iray.” Ary olona mahantra fotsiny isika. Jereo ny tranobe izay misy antsika. Jereo ireo katedraly, izao maraina izao. Fa jereo hoe aiza no misy an’Andriamanitra. Izay ilay zavatra.

95 Noho izany dia nitsangana teo i Moaba tao amin’ny famirapiratany sy ny fahatsarany rehetra, saingy tao anaty tranolay no nisy ny Isiraely. Fa taiza no nisy an’Andriamanitra? Nisy andiana holy-rollers kely teo, nanao ny zavatra rehetra izay ratsy. Fa i Balama, ny—ny evekan’izy ireo, dia diso tamin’ny fahitana an’io Vatolampy nokapohina io, io Menarana Varahina io, io Andry Afo io. Jamba ny masonry. Tsy afaka nahita an’Izany izy. Hoy izy hoe, “Maminavina an’Izany fotsiny izy ireo.” Fa teo Izy.

<sup>96</sup> Isaorana Andriamanitra, oh, eto Izy! Eto Andriamanitra, ary manao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony Izy. Ary Izy dia manka-...Mampitaha ny Soratra amin'ny Soratra isika. Tsy nandoko ny Tenany ho zavatra goavana iray mihitsy Andriamanitra, teto an-tany, fa nonina teo anivon'ny vahoaka tsotra sy manetry tena foana Izy. Ary eto Izy izao maraina izao, manao an'ilay zavatra iray ihany. Ny Soratra no manamarina an'Izany. Ny fakan-tsary no manamarina an'Izany. Ankehitriny, izany, ny antony nanondroako an'io sary io, dia tsy satria hoe tao aho. Izaho dia—mpanota iray fotsiny aho, novonjena nohon'ny fahasoavana, tahaka anareo. Fa ny ezahako lazaina, dia, Izany No Fanatrehany miaraka amintsika. Izany ilay zava-dehibe. Eny, raha Izy no nanao ahy ho—ho Elisa niditra tao amin'ny nofo, raha tsy manana finoana hinoana an'izany ianareo, dia tsy hanao soa anareo mihitsy izany.

“Tonga tany amin'ny Azy Manokana Izy. Tsy nandray Azy ny Azy Manokana.”

<sup>97</sup> Izany ilay antony, eto amin'ny tàmàna androany. Nahoana, afaka manomboka fifohazana iray eto aho, ao amin'ny tranobe goavana iray na tahaka an'izany, fa tsy afaka hahazo vahoaka betsaka hino an'izany ianareo. Tsy hino fotsiny izy ireo. Tsy afaka izy ireo. Efa vita ny andron'izy ireo.

<sup>98</sup> Ity lesona iray ity ihany, izao maraina izao, any Afrika, dia mety hamokatra fanahy iray alina angamba, fara-fahakeliny, iray alina ho an'i Kristy; nefa eto dia mety misy mpanota iray izao maraina izao, na tahaka an'izany, mpiverin-dàlana iray. Ny ankamaroan'izy ireo dia efa nandalovana hatrany sy hatrany, hany ka tapitra mihitsy ilay izy. Izay ihany.

<sup>99</sup> Fa ny ezahantsika lazaina, dia, ny Soratra dia mitaha amin'ny Soratra. Ankehitriny, tsy mampaninona na lehibe toy ny ahoana aza ilay fahatsapana, raha tsy mitaha amin'ny Soratra izany, dia diso.

Ny Orima Tomima, tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana aza ilay mpaminany, raha niteny izy nefa tsy nipiapiaka teo amin'ilay Orima Tomima ireo hazavana ireo, dia diso ilay izy. Na toa tsara toy ny ahoana aza ilay nofy, raha tsy nipiapiaka teo amin'ilay Orima Tomima izany, dia diso.

Rehefa nifarana io asam-pisoronana io, dia nanangana Ny Baiboliny Andriamanitra. Hoy i Paoly hoe, “Raha hisy Anjely iray avy any An-danitra tonga,” Galatiana 1:8, “ka hitory filazantsara hafa noho izay efa notoriana taminareo, dia aoka izy ho voaozona.”

<sup>100</sup> Ilay Anjely avy any An-danitra no nilaza tamin'i Jaona ilay mpanambara, izay Andriamanitra Izy tenany hoe, “Izaho Jesosy dia naniraka ny Anjeliko hanamarina, na haneho an'ireo zavatra ireo.” Hoy Izy hoe, “Raha misy olona hanampy teny iray amin'Izany, na hanaisotra Teny iray avy amin'Izany, dia ho toy

izany koa no hanesorana amin'ny Bokin'ny Fiainana, ho azy.”  
*Ity Izany, ny Baiboly.*

<sup>101</sup> Noho izany, ireo fahatsapana sy ireo zavatra izay ananantsika mitranga eo ireo, raha tsy voamarin'ny Tenin'Andriamanitra izany, dia ho diso; tsy ahoako izay hiseho, ho diso izany. Noho izany dia ara-tSoratra izany, ny Fahamarinana tanteraka tokoa. Oh, tena faly aho fa mambra iray an'ny Vatana lehibe an'i Kristy.

<sup>102</sup> Ankehitriny, ndao isika handeha ankehitriny, tonga eo amin'ny lesona isika. Ankehitriny, isika dia namarana teto teo amin'izay nilazany hoe, “Hita fa isika dia voahodidina...” tsy... Miala tsiny aho. Izany, nanonona ny toko faha-12 aho. Efa novakiako izany, fa tsy nianatra an'izany aho. Izaho...

<sup>103</sup> Rahalahy Norman, nijanona tany an-tranoko tany, ary fantany fa vao tonga omaly aho, ary ireo rahalahy dia mahafantatra, tany, fa vao tonga aho. Ny fotoana tokana nahafahako namaky ny Soratra, dia tamin'ny nipetrahako teto mihitsy, minitra vitsy lasa izay. Marina izany. Tsy nianatra an'Izany aho, miandry ny Fanahy Masina fotsiny aho hanome an'Izany arak'izay Itiavany azy. Fantany ny misy an'ilay olona hoe aiza—aiza, izay tokony handray an'Izany. Noho izany raha nanao zavatra voamama tano an-tsaiko aho izay ho lazaiko, amin'izay fotoana izay dia diso ilay izy. Fa raha mamela Azy fotsiny hanao an'ilay izy aho, dia Izy no handray an'Izany avy hatrany ho eo amin'ny toerana izay misy Azy. Hitanareo? “Aza mieritreritra an'izay ho lazainareo, satria Izany dia tsy ianareo no miteny, Izany dia ny Rainareo izay mitoetra ao anatinareo. Izy no manao ny fitenenana.”

<sup>104</sup> Ankehitriny, ilay toko farany, toko teo aloha, izao no rentsika, hoe, “Ahoana no handosirantsika, raha tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao isika; Izay notorian'ny Tompo Jesosy tamintsika tamin'ny voalohany, ary Izy niaraka tamin'ireo izay nandre Azy?” Ireo zavatra iray ihany izay nataon'i Jesosy ireo, mba hanehoana, dia ireo zavatra ireo ihany no miseho eto: Anjelin'Andriamanitra iray ihany, ireo asa iray ihany, porofo iray ihany, ny zavatra rehetra iray ihany, ny zavatra rehetra hatrany, Filazantsara iray ihany, miaraka amin'ny Teny mihitsy. “Raha izay nampianarin'ny Tompo, avy eo dia nohamarinin'ireo Mpianany no rentsika,” anisan'izany i Paoly, “dia ahoana no handosirantsika, raha tsy mitandrina an'izao famonjena lehibe izao isika?”

<sup>105</sup> Ankehitriny, nilaza an'izany tamin'ny mpanatrinny Hebreo i Paoly. Ankehitriny, tsy nanana fandraisam-peo izy ireo, androany, tahaka ny ananantsika eto. Fa nanana mpanoradala izy ireo izay nipetraka teo, nandray naoty an'Izany raha nitory an'Izany fotsiny i Paoly.

Ary izany mihitsy Izy eto. Maka Azy amin'ny alàlan'ny fandraisam-peo isika, ary ireo horonam-peo ireo dia mandeha manerana an'izao tontolo izao, hitanareo, mba haneho fa Izany no Fahamarinana. Tsy foana ny fivavahantsika, ilay Jesosy Kristy nitsangana tanteraka tokoa Izany, ilay zavatra iray ihany. Ankehitriny tsy tokony tsy hitandrina an'Izany isika.

<sup>106</sup> Ankehitriny, aza mandeha miala amin'ny fiangonana, androany, ka manao hoe, “Eny, mahafaly kely ahy ny mandeha any. Tiako ilay fihirana, ary tsara fanahy ny olona ao amin'io fiangonana tranainy kely io.” Aza manao an'izany.

<sup>107</sup> Rahalahy, aoka ho lasa lelafo iray ny fonareo, manaova hoe, “Eto, tokony hanao zavatra iray aho mikasika an'izao. Tokony handeha aho ka hahita raha afaka hanao olona iray ho voavonjy.”

<sup>108</sup> Ary aza mandeha, ka manao hoe, “Isaorana Andriamanitra, raha tsy mibebaka ianareo, dia ho levona.” Tsia.

Mandehana mankany am-pahamoram-panahy. “Aoka ho hendry tahaka ny menarana, ho mora tahaka ny voromailala.” Hitanareo, tahaka an'izany no andehanana. Atòny ilay olona, raha miompy akoho izy, dia miresaha mikasika ny akoho, aminy, fotoana fohy. Hitanareo? Ary avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia hiresaka mikasika ny Tompo ianareo. Raha mpiompy izy, dia miresaha mikasika ny toeram-piompiany.

<sup>109</sup> Raha mivarotra fiara izy, dia miresaha mikasika ny fiarany, fotoana fohy hoe, “Fiara tsara tarehy toy ny inona no anananao,” sy ny sisa. Hitanareo?

<sup>110</sup> Mandra-pahazoanareo ny Fanahy, rehefa hoy ny Ray hoe, “Izao no fotoana hanatonana azy mikasika ny fanahiny.”

<sup>111</sup> Afaka mamarana an'ilay izy ianareo hoe, hitanareo, “Fiara iray tsara tarehy ity. Fantatrao fa ny fitaterana, amin'izao andro izao, dia lasa malaza. Oh, ahoana fa lasa niara-nifanakaiky ireo firenena; sy ireo tanànan'ny firenentsika, niara-nifanakaiky. Afaka mifamangy ireo sakaiza sy ireo reny. Fantatrao, tena zavatra mahafinaritra ny manana fiara tahaka ny amidinao.”

<sup>112</sup> “Eny, tompoko. Azo antoka izany. Ah-hah.” Fantatrareo, eo am-pisintonana ny sigarany, na inona na inona ilay izy. “Hia, ireo, tsara ireo fiara ireo.”

<sup>113</sup> “Efa mba noeritreretinao ve izay ho noeritreretin'ireo olon'ny andro fahiny raha nahita zavatra tahaka an'izao izy ireo?” Manohiza fotsiny mandeha tahaka an'izany, fantatrareo.

Afaka kelikely, dia hoy izy, “Eny, hia, azo antoka izany.”

<sup>114</sup> “Fantatrao, ny zavatra hafa iray ataon'izany, manao tahaka an'izay anananay izany, tahaka ny ao amin'ireo fifohazana. Afaka mitety ny firenena ireo olona, haingana, ho an'ny fifohazana iray.” Hitanareo, manokatra an'ilay lalana ianareo, hatrany foana, fantatrareo.

115 Raha tsapanareo fa misy Zavatra misakana an'ilay làlana, dia mijan'ona avy hatrany, mifindrà *eto*. Tahaka ny nolazain'ny dokotera iray, tany Phoenix, hoy izy, "Tompo, fenoy teny tsara ny vavako, ary avy eo dia asio don-kiho aho rehefa ampy ny voalazako." Hitanareo? Hia. "Asio don-kiho aho rehefa ampy ny voalazako."

116 Ankehitriny, mariho ankehitriny, hanomboka amin'ny toko faha-15 isika, na ny andininy faha-15-n'ny toko faha-3, henoy tsara ankehitriny.

*Raha izao no voalaza hoe, Anio ianareo raha... hihaino ny feony, dia aza manamafy ny fonareo, tahaka ny tamin'ny fahasosorana.*

117 Diniho ankehitriny fa i Paoly no miteny *eto*. Ankehitriny izao no voalaza, "Anio, taorian'ny fotoana ela." Hidirina ao amin'izany isika afaka kelikely, hoe, "Anio, fotoana ela izay." Tonga ao amin'ny toko manaraka izany hoe, "Taorian'ny fotoana ela."

*... izao no voalaza, Anio ianareo raha... hihaino ny feony, dia aza manamafy ny fonareo, tahaka ny tamin'ny andron'ny fahasosorana, rehefa nampahasotra an'Andriamanitra izy ireo.*

118 Ndao isika hamaky ny andininy manaraka ankehitriny.

*Fa iza, rehefa nandre izy ireo, no nampahasotra:...*  
Ankehitriny dia inona no resahany? Ny Filazantsara.

*... tsy izay rehetra nentin'i Mosesy niala tany Egypta ve.*

*Fa iza no nahatezitra azy nandritry ny efapolo taona? tsy ireo izay niaraka tamin'izy ireo izay nanota ve, ireo izay niampatrampatra tany an-efitra ny fatiny?*

119 Ndao isika hijanona *eto* iray minitra. Ny *fahasosorana*, "rehefa nampahasotra izy ireo." Ankehitriny dia inona no nataon'Andriamanitra? Miezaka miteny i Paoly ankehitriny. Inona Ilay nitarika azy ireo niala tany Egypta? Mosesy ve izany? Tsia. Mosesy dia fitaovana ara-nofo.

120 Ankehitriny dia manana foto-kevitra iray isika *eto*. Tehahitsy isika ankehitriny. Rehefa tonga eo amin'ity toerana *eto* ity isika, afaka minitra vitsy, ianareo dia—ho hitanareo izany.

121 Ankehitriny, nataon'Andriamanitra teo amin'ny fitsaharana tsy mari-toerana ny Olony. Tany Egypta izy ireo. Tany ivelan'ny toerany marina izy ireo. Tany ivelan'ny tanindrazany izy ireo. Vahiny sy mpivahiny izy ireo, ary Andriamanitra no nitondra azy ireo avy tamin'io toeram-piantranoana io, tany—tany Egypta, ho any an-tanindrazana.

122 Tandindona iray an'izao andro izao; tsy mari-toerana isika. *Eto* dia tsy ho ela izany. Ireo zazalahy kely malandilandy tanana milalao kanety, ireo zazavavy kely miaraka amin'ny

saribakoliny, milalao; ny zavatra voalohany fantatrarero, dia manana volo fotsy ianareo, ary mikentrona tanteraka. Misy zavatra tsy mety eto. Tsy tranontsika ity. Ao amin'ny toerana ratsy isika. Izany no antony ilazantsika fa mpivahiny sy vahiny isika. Nisy zavatra nitranga.

<sup>123</sup> Ramatoa kely iray no nilaza, aninkeo maraina tao amin'ny efitra, mikasika ny hoe toy ny ahoana no nihomehezan'ny olona azy, matetika. Hoy aho hoe, "Saingy, ranabavy, malala, tsy avy amin'ireny olona ireny ianao." Vahoaka hafa iray isika.

<sup>124</sup> Hoy ny zanakovavy kely hoe, "Dada, zazavavy *ranona-sy-ranona* dia nanao zavatra *izao-sy-izao* izay nataon'izy ireo."

<sup>125</sup> Hoy aho hoe, "Fa, jereo, malala." Manana an'ireo kapilan'i Elvis Presley izy ireo. Hoy aho hoe, "Tsy mila an'ireo ato an-tranoko aho."

<sup>126</sup> Hoy izy hoe, "Fa, Dada, zazavavy kely mahafinaritra izy ireo."

<sup>127</sup> Hoy aho hoe, "Mety ho izany izy ireo. Tsy manana na inona na inona ho lazaina manohitra an'izany aho. Fa misy zavatra anankiray, hafa isika. Hafa isika. Tsy hoe isika no te-ho hafa, fa ny Fanahy izay ao anatintsika no nivoaka avy tamin'izany. Avy tamin'ny tontolo hafa ianao."

<sup>128</sup> Rehefa mandeha any Afrika aho, dia tsy afaka mifandrindra amin'ireo—ireo—ireo fomba fiainan'izy ireo. Tsy manao akanjo mihitsy izy ireo. Mitanjaka izy ireo. Ary maka zavatra izay lò izy ireo, misy olitra ao anatin'ny, hanin'izy ireo izany, na ahoana na ahoana; tsy manao fahasamihafana izany. Hitanareo?

<sup>129</sup> Fa Ity dia hafa. Fantatrarero, indray mandeha, dia tahaka an'izany isika rehetra, saingy nitondra antsika ny fandrosoana ary nanao antsika ho hafa.

Ary manao indroa amin'izany an-tapitrisany ny fiovampo. Tsy mila an'ireo zavatra lò an'izao tontolo izao intsony isika. Kristy no nanao antsika ho lasa Kristiana; tahaka ny nanaovan'ny fandrosoana antsika ho lasa madio. Ary mariho, tsy izany ihany, fa milaza isika hoe mpivahiny sy vahiny. Tsy avy amin'izao tontolo izao isika. Noho izany, dia tsy te-hanao na inona na inona amin'izao tontolo izao ianareo. Ary efa lasa ireo zavatra ireo.

<sup>130</sup> Ankehitriny, tany Egypta tany ny Isiraely. Tsy Egyptiana izy ireo. Ireo Egyptiana, fahafaham-baraka ho an'ny Egyptiana iray ny mametraka ny tânany eo amin'ny ondry iray. Nefa ny Isiraely dia mpiandry ondry. Ary ahoana no tsy maintsy nahavoazan'izany an'i Mosesy, taorian'ilay tsy fahamendrehana rehetra ho Egyptiana iray, mpiompy biby fiompy.

Efa voamarikareo ve izay nolazain'i Farao tamin'i Josefa, sy ny sisa? "Fahavetavetana iray izany." Hoy izy, "Ny olonao dia mpiandry ondry." Ary na dia Egyptiana iray aza dia tsy afaka

hametraka ny tånany akory eo amin'ny mpiandry ondry iray. Vahoaka hafa iray izy.

<sup>131</sup> Ary tahaka an'izany ny Kristiana iray, amin'izao andro izao, rehefa nateraka indray izy. Ilay izy dia tsy... Loto ho azy ny mikambana eo amin'izay misy olona misotro sy miteny vazivazy maloto, ary vehivavy mitanjaka. Ary ny rehetra... Izany, izany dia—fahalotoana izany. Oh, isaorana anie ny Tompo! Mpivahiny isika eto. Vahiny isika eto. Efa niova ilay fanahy, ary mitady Tanàna iray isika izay misy an'ireo vehivavy tsy manaò sorta. Mitady Tanàna iray isika izay tsy manana trano fisotroana labiera. Mitady Tanàna iray isika izay honenan'ny fahamarinana. Noho izany, dia mpivahiny isika.

<sup>132</sup> Noho izany, nidina tao amin'ny vongan'Afo goavana iray Andriamanitra, tahaka ny Hazavana boribory iray, nidina tao anatin'ny roimemy iray ary nanomboka nanambara ny Tenany tamin'i Mosesy, aloha. Nilaza i Mosesy...

Fantatrareo hoe ahoana no nananantsika an'ilay lesona indray hariva, ahoana fa rehefa teto an-tany teto Jesosy, dia hoy Izy hoe, “Eny, talohan'ny nisian'i Mosesy, dia IZAHO NO IZY.” Izany no Jesosy tao amin'ilay roimemy nirehitra, tao anatin'ny Andry Afo iray. Izany no Jesosy, androany, ilay tsy miova.

Ary nanambara ny Tenany tao anatin'ny Andry Afo iray Izy, ary nahazo fahatsapana i Mosesy. Mandeha any Egypta izy. Mitory ny Filazantsara izy, ireo vaovao tsara, ary nanaraka azy ireo famantarana sy fahagagana. Azonareo ve ilay izy? Zavatra iray ihany amin'izao andro izao.

<sup>133</sup> Tsy izany ihany, fa rehefa nivoaka ireo Hebreo ireo, nandeha tao amin'ilay Hazavana, dia notarihin'ilay Andry Afo iray ihany izy ireo. Ary ny Baiboly no nilaza fa, “Aza maka fanahy an'Andriamanitra.”

<sup>134</sup> Diniho ity. Avelao aho hamaky an'izany.

*Izao no voalaza, Anio ianareo raha... hihaino ny feony, dia aza manamafy ny fonareo, ny feony izay miresaka amin'ny fonareo, tahaka ny tamin'ny fahasorana, rehefa nampahasosotra Azy izy ireo.*

Henoy.

*Fa iza, rehefa nandre izy ireo, no nampahasosotra:...*

<sup>135</sup> Firy no mahafantatra fa nampahasosotra an'Andriamanitra tamin'ny tsi-finoany ny Isiraelita? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Nimonomonona izy ireo, izy ireo, tanteraka mihitsy. Nidina Andriamanitra tany. Ary izy rehetra rehefa nanana ny... Zavatra voalohany, dia tafiditra tao anatin'ny olana izy ireo.

Indro teo ambonin'izy ireo io Andry Afo io. Tsy fantatro na nahita an'Izany izy rehetra, na tsia. Fara-fahakeliny, dia i Mosesy no nahita Azy. Ary teo ambonin'izy ireo Izany, ka

nandinika an'Izany izy ireo. Ary rehefa tonga izy ireo. . . . Atao hoe raha tsy nahita an'Izany izy ireo, tsy fantatro na nahita izy ireo na tsia. Nandeha teo anoloan'izy ireo Izany. Ny Baiboly no nilaza fa teo Izany.

<sup>136</sup> Izao no voalaza hoe, “Nandeha teo anoloan'ireo olon-kendry ilay Kintana.” Tsy nisy olona nahita an'Izany afa-tsy ireo olon-kendry. Nandeha teo ambonin'ny trano fandinihana rehetra Izany. Nandrefy ny fotoana tamin'ny alàlan'ny kintana izy ireo. Tsy nisy nahita an'Izany afa-tsy ireo olon-kendry. Izy ireo no natao hahita an'Izany, ary ireo olon-kendry no nandefasana an'ilay Kintana.

<sup>137</sup> Ary nalefa ho an'i Mosesy ilay Andry Afo, ary Mosesy dia nalefa ho an'ny zanak'Isiraely. Ary natao hanaraka an'i Mosesy izy ireo. Afaka nahita an'i Mosesy izy ireo, ary Mosesy no nahita an'ilay Hazavana.

Indro izy ireo nandeha. Avy eo dia niainga izy ireo. Ary raha nivoaka izy ireo, dia tonga teo amin'ny Ranomasina Mena. Ary, oh, izy ireo—nahita an'ireo famantaran'ny fahagagana rehetra sy ny sisa niseho izy ireo raha mbola tao amin'ilay—tao amin'ilay tanin'i Egypta tranaina, fa rehefa nandeha tao amin'ny diany izy ireo, vao avy niova fo mihitsy ary nivoaka. Tamin'izay fotoana izay, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia tafiditra tao anatin'ny olana izy ireo.

<sup>138</sup> Tian'Andriamanitra ny mitondra anareo ao anatin'ny olana. Tiany ny mametraka olana ka mahita an'izay hataonareo mikasika an'izany. Noho izany dia nanangana an'ilay Ranomasina Mena fotsiny Izy, ary ny zavatra voalohany fantatrareo, nitondra azy ireo avy hatrany tao amin'io toerana io, avy eo dia naniraka an'i Faraon hanenjika azy ireo. Hitanareo ve hoe toy ny ahoana no itiavan'Andriamanitra manao an'izany? Tiany ny hampiseho ny Heriny sy ny fitiavany. Andriamanitra Izy, ary Tiany fotsiny ny haneho aminareo hoe Iza Izy. Amena.

Fa ny olana amin'ilay izy dia, amin'izao andro izao, hoy ny olona hoe, “Oh, efa lasa ireo andro ireo.” Tsia. Ahoana no ahafahan'Andriamanitra mampiseho ny Tenany, nefa nampianarina an'io karazan-javatra tahaka an'izany io ianareo? Fa tian'Andriamanitra ny maneho ny Tenany.

<sup>139</sup> Indro tonga ireo zanak'Isiraely, nandeha tao amin'ilay Hazavana. Mosesy, no mandeha eo anoloan'izy ireo. Teo izy ireo. “Avia. *Ity* no làlana. Miantso Andriamanitra. Hivoaka isika. Handeha ho any amin'ilay tany nampanantenaina isika.”

“Oh, haleloia!” Indro izy rehetra, nihiakiaka, sy nitsambikina, ary nanana fotoana tsara iray, fantatrareo. Fa ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nijery tany aoriana izy ireo ka nanao hoe, “Oh, inona io vovoka io?”



140 Niakatra teo ambonin’ny havoana iray ny anankiray tamin’izy ireo, nanao hoe, “Oh, oh! Indrisy, indrisy! Ny tafik’i Farao io.”

141 Hoy Andriamanitra hoe, “Inona no atahoranareo? Tsy nino an’izay Nataoko tany ve ianareo? Inona no tena mampanahy anareo? Nahoana ianareo no mampahatezitra Ahy?”

142 Rehefa tonga teo izy ireo, dia lasa i Mosesy ary nanelanelana teo amin’Andriamanitra. Nanokatra fotsiny an’ily Ranomasina Mena Andriamanitra ary niampita izy ireo; nandentika an’ily fahavalo tao. Tahaka an’izany no anaovan’Andriamanitra azy. Aza matahotra. Aza taitaitra mihitsy. Aza mikorontana. Mampahasosotra an’Andriamanitra ianareo.

143 Avy eo dia inona no Nataony? Toy ny hoe, “Eny, nanana fizahan-toetra goavana iray izahay; isaorana Andriamanitra, resinay ilay izy. Tsy hanana intsony izahay. Eo amin’ny lalanao mankany amin’ily tany nampanantenaina izahay.” Fa Notarihin’ny avy hatrany tao amin’ny tany efitra izy ireo, izay tsy nisy rano. Azonareo eritreretina ve? Andriamanitra, miaraka amin’Ny—miaraka amin’ny Vahoakany nohamasinina, masina, no nitarika azy ireo tao amin’io fandrika io; avy eo dia namoaka azy ireo avy tao amin’io fandrika io, ka nitarika azy ireo teto izay tsy nisy rano. Nefa afaka nitondra azy ireo tamin’ny lalana iray izay nisy rano Izy. Nahoana, afaka nanao renirano iray fotsiny Izy, nanerana ny lalana, raha Tiany. Afaka nanao ny tendrombohitra rehetra ho ao anatin’ny fifaliana Izy, nampifantsitsitra rano dimampolo dian-tongotra teny amin’ny habakabaka, raha Tiany. Azo antoka, afaka Izy. Fa raha nanao an’izany Izy, dia ho tena mora ilay izy. Oh, tiako izany! Isaorana anie ny Anaran’ny Tompo.

144 “Nahoana no navelan’Andriamanitra hitranga *ity*, Rahalahy Branham? Nahoana Andriamanitra no . . . ?”

Andriamanitra no manao an’izany. Avelao Izy hipetraka tsara. Manohiza mandeha fotsiny. Raharahan’Andriamanitra izany. “Ny dian’ny marina dia alamin’ny Tompo.” Eny, tompoko. Inona no fahasamihafana ataon’izany?

145 “Very ny volako rehetra, Rahalahy Branham.” Eny, isaory Andriamanitra, na ahoana na ahoana.

146 “Oh, nanao an’*ity* aho, nefa *ity* no nitranga, nandrava ny tranoko ny tafio-drivotra.”

147 Isaory Andriamanitra, na ahoana na ahoana. “Ny Tompo no nanome, ny Tompo no naka, isaorana anie ny Anaran’ny Tompo.” Manohiza mandeha fotsiny. Voninahitr’Andriamanitra daholo izany. Mahafantatra ny Ataony Andriamanitra.

Ny sasany mandalo rano, ny sasany mandalo  
tondra-drano,

Ny sasany mandalo fizahan-toetra lalina, fa ny  
rehetra kosa mandalo amin'ny Rà.

148 Tahaka an'izany no Itarihany azy ireo. Marina izany. Oh, oadray! Mahatsapa toy ny hoe afaka hijanona fotsiny aho ka hikiakiaka. Tahaka an'izany no Itarihany an'ireo Zanany malalany. Oh, afaka mahatsapa fotsiny ve ianareo... Ankehitriny, tsy mpitsabo saina aho, fa afaka mahatsapa an'io Fanahy maha-te-ho tia io fotsiny ve ianareo ankehitriny izay manondraka manerana ny tranobe? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ahoana moa raha ho lasa misokatra ny masontsika izao ankehitriny izao, ka mijery an'izay mitsangana manodidina ny sisin'ireto rindrina ireto, aloha-sy-aorian'ireto làlantsara ireto?

149 Elisa antitra, indray maraina, rehefa jamba arak'izay naha-izy azy io zazalahy io, hoy izy hoe, "Jereo ireo Syriaana ery ireo."

Hoy izy, "Fa maro ny momba antsika."

Hoy izy, "Tsy mahita olona aho."

Hoy izy, "Tompo, sokafy ny mason'ilay zazalahy."

150 Nijery nanodidina an'ilay mpaminany antitra izy, ny nanodidina rehetra an'izany, nirehitra Afo ireo tendrombohitra, ary soavaly Afo, sy kalesy Afo. Resy lahatra izy tamin'izay fotoana izay.

151 Hoy izy hoe, "Handeha fotsiny isika ka hanao azy ireo ho jamba." Nanana ny fahitany tanteraka arak'izay nananany izy ireo, saingy jamba ny aminy. Hoy izy, "Mitady an'i Elia ve ianareo rehetra?"

Hoy izy ireo, "Eny."

152 Hoy izy, "Avia, hasehoko anareo izay misy azy." Nefa izy io, nitarika azy ireo io. Tsy fantatr'izy ireo izany.

153 Tahaka an'izany amin'izao andro izao. Eto Kristy. Eto ny Fanahy Masina, manao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony foana, fa jamba ny amin'Izany izao tontolo izao. Tsy fantatr'izy ireo Izany. "Oh, izaho—tsy fantatro ny mikasika an'Izany. Ny pasiterako..." Oh, olona mampalahelo nohalemen'ny taona! Hitanareo ve izay tiako lazaina? Jamba ny amin'Izany izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo Izany. Andriamanitra no mitarika.

154 Ankehitriny, tonga izy ireo, tao amin'ny Efitr'i Sina, tsy nisy rano tao. Andriamanitra no efa nanomana an'izany rehetra izany. Oh, ary nahita dobon-drano kely iray izy ireo, dia hoy izy ireo hoe, "Ity ilay izy." Nefa tsy afaka nanandrana an'izany akory aza izy ireo. Oh, ratsy be ilay izy. Oadray, izany dia—izany dia ratsy lavitra noho ny solifara iray zato isan-jato. Hitanareo, tahaka ny atody lò fotsiny, fantatrareo. "Oh, oadray! Ratsy be ilay izy." Poizina ilay izy. Ankehitriny, dia antsoina hoe Efitr'i

Sina izany. Hazo palma maro no maniry ao, ary eo amin'ilay nanirian'ireo palma ireo no nisy an'ilay loharano. Avy eo dia hoy i Mosesy hoe, "Aza . . ."

155 Hoy Andriamanitra hoe, "Nahoana izy ireo no manao? Nahoana izy ireo no manao? Ho an'ny inona no ampahasosoran'izy ireo Ahy? Eny, raha nanao an'izao Aho tany, dia tsy afaka manao zavatra mikasika an'ity zava-misy ity ve Aho?"

156 Raha efa namoaka anareo avy tamin'ny famelezan'aretina iray Izy, dia tsy afaka hamoaka anareo amin'ny iray hafa ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Raha namoaka anareo avy tamin'ny olana iray Izy, dia tsy afaka hamoaka anareo avy amin'ny iray hafa ve Izy? ["Amena."] Isaorana Andriamanitra! Raha nanafaka ahy avy tamin'ny fahotana Izy, dia afaka hamoaka ahy avy ao am-pasana Izy. Andriamanitra Izy. Manao fahasamihafana ve izany? Manohiza fotsiny, hazòny eo Aminy ny masonareo.

157 Hoy Izy, "Raha nanakatona ny Ranomasina Mena taoriana Aho, ary nandentika an'ireo Egyptiana ireo, dia tsy afaka manao zavatra iray mikasika an'io rano io ve Aho? Inona no mampahatezitra Ahy anareo? Oh, ny tsi-finoanareo! Mampahasotra Ahy ho tezitra ianareo, nohon'ny tsi-finoanareo."

158 Ankehitriny ny teny ampiasaina eto dia, "Fahotana," no nampahasotra. Nanao. . . Ny antony nanaovan'izy ireo an'izany, dia tsy nino izy ireo. Tsy nandeha mihitsy izy ireo ary nitifitra kodia kely, ankehitriny, sy zavatra tahaka an'izany. Tsy nandeha nihodinkodina niaraka tamin'ny vadin'olon-kafa mihitsy izy ireo, ary nandeha ka niteny lainga. Tsy izany no nataon'izy ireo. Fa, tsy izany no fahotana, eo am-panombohana.

159 Tsy ny miaina ao amin'ny fijangajangana no fahotana. Mifoka, mihinam-paraky, misotro, miloka, miteny ratsy, miozona, sy ny sisa, tsy izany no fahotana. Toetran'ny tsi-finoana izany. Manao an'izany ianareo satria tsi-mpino iray. Raha mpino iray ianareo, dia tsy manao an'izany. Izany no antony nilazan'i Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka *mino* Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay." Tsy izay *milaza* fa mino izy, fa tena mino marina! Izay ilay izy. Izany no manaisotra ny porofonareo voalohany rehetra. Hitanareo? Ankehitriny, eo ianareo izao.

Tsy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka miantsoantso." Tsy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra." Tsy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka manana rà eny an-tànanany na eo amin'ny tarehiny," na inona koa. Tsy izany ilay izy.

"Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny

Fitsarana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana.”

<sup>160</sup> Inona ny fahotana? Ny tsi-finoana. Mety misy zavatra kely iray mipoitra, raha tokony handeha avy hatrany ao amin'ny Soratra ka hahita na marina Izany na tsia dia, “Oh,” hoy ianareo, “izaho dia . . . Tsia! Hitanao, eo, mandehana ianao. Hanohy ho Presbyterana iray tahaka ahy fotsiny aho, hitanao.” Mandehana, jamba, ary mampahasotra an'Andriamanitra ianareo.

<sup>161</sup> Rehefa manao zavatra iray Andriamanitra, dia manantena ny firenena handramby an'Izany Izy. Saingy, raha tokony ho izany dia, “Fantatrao, eny, tsy mahafantatra mikasika an'Izany aho.” Hitanareo? Manantena ny olona hahazo an'Izany Izy. Raha tena voakasika ianareo, dia mipetraka miaraka amin'ny Soratra. Tetezo Izany ary tadiavo Izany, mandroso sy miverina, ka jereo raha nitranga Izany, raha voalaza mialoha Izany fa hiseho, sy ny sisa. Amin'izay fotoana izay dia ho azonareo Izany. Amena.

<sup>162</sup> Mariho ankehitriny.

*Izao no . . . Anio ianareo raha . . . hihaino ny feony, dia aza manamafy ny fonareo, tahaka ny tamin'ny fahasosorana, rehefa sosotra tamin'izy ireo Andriamanitra, hitanareo.*

*Fa iza, rehefa nandre izy ireo, nandre ny filazantsara izay notorian'i Mosesy, no nampahasosotra: tsy izay rehetra nentin'i Mosesy niala tany Egypta ve.*

<sup>163</sup> Firy no mahafantatra hoe olona firy no voavonjy tamin'ilay andiany voalohany izay nivoaka? Firy? [Hoy ny olona iray hoe, “Roa.”—Mpand.] Roa, marina izany. Firy no mahafantatra ny anaran'izy ireo? [“Kaleba sy Josoa.”] Marina izany. Kaleba sy Josoa, ireo roa ireo ihany, avy tamin'ny roa tapitrisa mahery.

<sup>164</sup> Henoy ity. “Fa izy . . .” Ny andininy faha-17 ankehitriny.

*Fa iza no nahatezitra azy efa-polo taona, nohon'ny tsi-finoana. Tsy izay niaraka tamin'izy ireo izay nanota ve, tsy nino . . . ?*

<sup>165</sup> Raiso ny diksionera dia jereo hoe inona no dikan'ny fahotana. Raiso ny diksionera ara-Baiboly. Ny tsi-finoana izany. Ny tsi-finoana no “fahotana.” “Izay tsy mino dia efa voaheloka sahady,” Masindahy Jaona 4, hitanareo, “efa voaheloka sahady.”

*. . . izay niampatrampatra tany an-efitra ny fatiny?*

*Ary iza no nianianany fa tsy hiditra ao amin'ny fitsaharany, . . .*

<sup>166</sup> Ny tsi-finoanareo! Oh, ahoana fa tsy tonga eo amin'ny tokoko mihitsy aho. Fa, jereo, izany ilay olona amin'ity firenena ity, amin'izao andro izao. Efa nitety an'ity firenena ity ireo famantarana sy fahagagana. Inona no ataon'izy ireo? Manatodika tsy ankitsahatra ny lamosin'izy ireo amin'Izany. Dia

hoy Izy hoe, “Hianiana Aho fa tsy hamela azy ireo hiditra ao amin’ily Tany izay nanombohany Aho.”

<sup>167</sup> Inona no olana amin’ireto fiangonana goavana ireto amin’izao andro izao? Nampahasotra an’Andriamanitra ny tsi-finoan’izy ireo. Haleloia! Mahay manangana zanaka ho an’i Abrahama avy amin’ireto vato ireto Izy. Niezaka Izy ny hanome ny Filazantsara ho azy ireo, nefa nanamafy ny fony izy ireo. Nanao antokom-pivavahana ho an’ny tenany izy ireo, ary nanao anaram-piangonana kely hoe, “Ary izahay dia mino an’*ity* fa tsy zavatra hafa,” ka tsy afaka niditra Andriamanitra. Aiza no misy azy ireo androany? Mipetraka eo amin’ny zorony iray.

<sup>168</sup> Ny andiany kelin’Andriamanitra, mahatoky dia manohy mandroso hatrany, miaraka amin’ireo famantarana sy fahagagana. Mametraka azy ireo ao amin’ny fitsapana Izy. “Ny zanaka rehetra izay manatona an’Andriamanitra dia tsy maintsy zahan-toetra sy tsapaina aloha,” zanaka voahofana.

<sup>169</sup> Vao misy zavatra kely mitranga voalohany, “Oh, eny, angamba tsy misy na inona na inona amin’Izany, na ahoana na ahoana.” Zazasary ianareo, fa tsy zanak’Andriamanitra.

<sup>170</sup> Satria ny zanak’Andriamanitra iray dia ny Taranak’i Abrahama, izay miantso an’ireo zavatra tsy misy, ho toy ny efa nisy hoe, “Andriamanitra no niteny an’izany,” ary manohy mandroso fotsiny. Amena. Tsy mampaninona izay lazaina, na zavatra hafa iray, manohy mandroso izy ireo, na ahoana na ahoana. “Andriamanitra no niteny an’izany.”

<sup>171</sup> Dimy amby roapolo taona no niandrasany an’io zazakely io, tsy mampaninona na nifanohitra toy ny ahoana aza ilay izy. Ary nanasaraka ny tenany tamin’ireo tsi-mpino izy, amena, mba ahafahany hino. Oh, oadray! Mahatsapa ho mpivavaka aho.

Eritrereto izany. Tsy maintsy manasaraka ny tenanareo amin’io dogman’izao tontolo izao io ianareo hoe, “Ah, efa lasa ireo andron’ny fahagagana ireo. Tsy misy ny zavatra tahaka an’Izany. Fanatisma izany.” Saraho ny tenanareo.

<sup>172</sup> Hoy ny Baiboly hoe, “Mivoaha eo anivon’izy ireo, ary misaraha ianareo, hoy ny Tompo, dia handray anareo Aho.” Mahafinaritra toy ny ahoana! “Handray anareo Aho, rehefa avy nampisaraka ny tenanareo ianareo. Ho Zanako ianareo. Izaho ho Andriamanitrareo. Saraho ny tenanareo. Aza manisy zioga ny tenanareo miaraka amin’ireo tsi-mpino.” Marina izany.

<sup>173</sup> Ny lehilahy tanora manambady, manambady zazavavy iray izay tsy mino; na zazavavy tanora iray manambady zazalahy iray izay tsy mino. Aza manao an’izany. Tsy ahoako na mahafatifaty toy ny ahoana aza izy, ary—ary, na mahafatifaty toy ny ahoana izy, ary maso goavana toy ny ahoana no ananany; halazo ireo rehetra ireo indray andro any. Fa, rahalahy, ny fanahinareo dia ho velona mandrakizay. Mitandrema ianareo amin’izay ataonareo. Tsy tena mpino iray izy, na izy tena mpino iray, aza

manisy zioga ny tenanareo tahaka an'izany. Alaviro ny tahaka an'izany. Hiteraka olana ho anareo izany eny amin'ny lalana.

174 Henoy ankehitriny, ny andininy faha-17.

*Fa . . . iza izy . . . no nampahatezitra azy efaolo taona?  
tsy izay niaraka tamin'izy ireo izay nanota ve, izay  
niampatrampatra tany an-efitra ny fatiny?*

*. . . ary iza no nianianany fa tsy hiditra ao amin'ny  
fitsaharana, . . .*

175 Nanomboka izy ireo, saingy, nahita an'ireo fahagagana izy ireo, saingy tsy tonga teo amin'ilay tany nampanantenaina mihitsy. Isa voafantina iray fotsiny, dia roa, no niditra an'ilay tany nampanantenaina.

176 Ankehitriny dia inona no ataon'i Paoly? Miresaka amin'ireo Kristiana izy ankehitriny hoe, "Aza mamela an'ity Filazantsara iray ity ihany, izay voatory tany aoriana tany, tamin'ny famantarana sy fahagagana, sy ny Andry Afo izay nitarika azy ireo; rehefa hiseho indray ireo zavatra ireo, dia aza lavo eny amin'ny sisiny, nohon'ny tsi-finoana, mba hisalasala, satria niampatrampatra tany an-efitra ny fatin'izy ireo."

177 Ankehitriny isika dia hiditra, haingana ankehitriny. Diniho tsara.

*. . . afa-tsy ireo izay tsy niaina?*

*Noho izany dia hitantsika fa tsy nahazo niditra izy ireo  
nohon'ny tsi-finoany.*

Miantso an'ilay izy hoe *fahotana* izy indray mandeha, miantso an'ilay izy hoe *tsi-finoana* izy ny manaraka. *Tsi-finoana* dia "fahotana." "Tsy niditra izy ireo, nohon'ny tsi-finoany."

178 Hitan'izy ireo io mpaminany io, Mosesy. Hitan'izy ireo izay nataony, hitany izay nolazainy. Izany dia Fahamarinana, isan'andro, nandroso hatrany foana, ny Fahamarinana. Niseho teo anatrehan'izy ireo io Andry Afo io. Nandinika an'Izany izy ireo. Nahita an'Izany izy ireo.

179 Paoly, izay niezaka ny hampiseho, taty aoriana, hampiseho eto, an'ilay fahatsapana izay nananany. Hitanareo? Niezaka ny nitantara an'ilay fahatsapana, nanao tandindona an'izany tamin'ny Testamenta Taloha izy. Hoy izy hoe, "Ankehitriny dia niditra tao amin'ny zavatra iray vaovao isika, ao amin'ity fizaram-potoana vaovao ity, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Tamin'ny andro fahiny, dia niseho tamin'izy ireo tamin'ny alàlan'ireo mpaminany ny Tompo, fa ankehitriny Izy dia amin'ny alàlan'Ny Zanany, Jesosy." Hitanareo? Ary nanomboka nanao tandindona an'ireo fahatsapana izy ka naneho tamin'izy ireo an'izay niseho, ahoana ny amin'ireo famantarana sy fahagagana, sy ny zavatra rehetra, ary izay voasoratra.

180 Ankehitriny dia hoy izy hoe, “Tsy niditra izy ireo, nohon’ny tsi-finoany.” Tsy nino izy ireo.

181 “Fa ankehitriny, isika, miditra ao amin’ny fizaram-potoana iray isika, ka aza manamafy ny fonareo. Aza manao tahaka ny nataon’izy ireo, tamin’ny andron’ny fahasosorana, rehefa nampahasotra an’Andriamanitra izy ireo.” Ahoana no nanaovan’izy ireo an’izany? Tsy nohon’ny fiainana tsy mendrika. Mamelà ahy hitoto tsara an’ity ho anareo.

182 Hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham, mandeha any ampiangonana aho.” Mety tsara daholo izany. “Tsy nandainga mihitsy aho teo amin’ny fiainako.” Mahafinaritra izany. “Tsy nangalatra mihitsy aho. Izaho tsy nanao an’ity, itsy, na ny hafa mihitsy.” Tena mahafinaritra izany. Tsara daholo izany. Saingy, tsy mbola izany no fahotana.

183 Ny fahotana dia rehefa maneho ny Tenany Andriamanitra ka tsy mino an’Izany ianareo, tsy hihaino an’Izany ianareo.

184 “Oh,” hoy ianareo, “tsy mampianatra an’Izany ny fiangonako.” Raha mbola mampianatra an’Izany foana ny Baiboly, ka Andriamanitra no manaporofa an’Izany, dia izay ilay zavatra.

Ankehitriny dia diniho vetivety fotsiny. Hanomboka eo amin’ny zavatra iray tena, tena lalina isika ankehitriny. Ankehitriny, dia apetraho ao anatin’ny paosin’ny palitaonareo ny fieritreretanareo mandra-pivoakanareo any ivelany.

185 Diniho tsara mihitsy ankehitriny.

*Aoka isika hatahotra noho izany, fandrao, na dia misy teny fikasana iray aza tavela ho antsika mba hidirana ao amin’ny azy. . .*

*Azy, [His,] azy, [her,] mpisolona anarana ankehitriny. Inona?*

*. . . dia misy aminareo toa tsy mahatratra an’izany.*

186 Ankehitriny, miezaka miteny amin’izy ireo i Paoly, ao amin’ny toko teo aloha, mikasika an’ireo zavatra rehetra ireo. Fa ankehitriny izy dia miezaka miteny amin’izy ireo hoe inona Izany.

Oh, manana fotoana ve isika? Izaho. . . Tsaratsara kokoa ho antsika angamba ny miandry rahariva. Efa miha-tara izao, ary hanana fotoam-bavaka isika. Tsaratsara kokoa amintsika angamba ny mahazo an’ily izy rahariva, satria tena feno vitamina marina tokoa ity, vitamina ara-panahy. Manana betsaka hatao aho, ary sahirana aho amin’ity tolakandro ity. “Aoka isika. . .”

*Aoka isika hatahotra noho izany, fandrao, teny fikasana iray. . .*

187 Ankehitriny, nanana teny fikasana iray ho an’ny tany nampanantenaina ve izy ireo, tany Egipta? Ary, rehefa, nidina

Andriamanitra, mba hanao an'io teny fikasana io ho zava-misy iray. Nahoana, niteny tamin'i Abrahama Andriamanitra, an-jatony sy an-jatony taona tany aloha, fa hanao an'izany Izy. Ara-tSoratra izany.

<sup>188</sup> Hoy Josefa hoe, “Aza afindranareo miala eto ny taolako mandra-pandehanareo any amin'io tany nampanantenaina io fa aleveno any miaraka amin'ny sisa amin'ireo razako aho.” Satria, fantany fa ho tonga ny fitsanganana, rehefa nitsangana tamin'ny maty Jesosy, satria efa fantany izay nolazain'i Joba. Hitanareo?

<sup>189</sup> Ny tsirairay avy tamin'ireo mpaminany ireo dia nahafantatra mihitsy an'izay nolazain'ilay mpaminany hafa, ary nahafantatra fa nitovy ny Fanahin'izy ireo. Ary nitandrina izy ireo. Oh, rahalahy! Oh, tokony handôna antsika hivoaka amin'ny toerantsika arak'izao tontolo izao izany. Nanana ny masony izy ireo, tsy teo amin'izay nolazain'ny olona, fa izay nolazain'ireo mpaminany ireo. Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nitandrina.

<sup>190</sup> Hoy i Abrahama hoe, “Aleveno mihitsy any amin'izay nandevenana an'i Joba aho.” Hoy izy, “Saraha, handeha hivity ampahan-tany iray aho. Eto mihitsy isika no halevina.”

<sup>191</sup> Mpaminany iray Isaka, taorian'ny dadany. Hoy izy, “Henoy. Aza alevinareo any an-kafa any aho, tsy eto Egipta eto, fa ento avy hatrany any amin'ilay tany nampanantenaina aho. Aleveno eto mihitsy aho.”

<sup>192</sup> Maty tany ivelan'ilay tany nampanantenaina i Jakoba, saingy nilaza tamin'ny zananilahy izy, izay mpaminany iray, nanao hoe, “Fantatrao, nikasika ahy teo amin'ny valahana ilay Anjely indray alina. Nitoletsika aho hatramin'io. Avia, apetraho ny tãnanao...” Oh, mamindrà fo! “Ry zanako mpaminany, antitra aho ary jamba. Fa apetraho ny tãnanao masina, satria mpaminany iray ny tenanao, apetraho eo amin'ny toerana izay nametrahan'ilay Anjely ny Tànany izany, ka mianiàna amin'Andriamanitry ny Lanitra fa tsy handevina ahy eto ianao.”

<sup>193</sup> Isaorana anie... Hitanareo ve ilay fanambarana arapanahin'ny Teny? Nahoana, ny antsasak'izy ireo, saiky ny sivifolo isan-jato, dia tsy nahafantatra an'izay noresahany. Fa izy no nahafantatra an'izay noresahany. “Apetraho eo amin'ity toerana izay nametrahan'ilay Anjely ny Tànany ity ny tãnanao mpaminany. Fahiny aho dia lehilahy goavana, mahery, kanosa matanjaka iray. Saingy, nikasika ahy Izy, ary hatramin'io fotoana io dia lehilahy mitoletsika iray aho. Fa efa andriana iray aho hatramin'ny nampitoletsika ahy. Hatramin'io dia nanova ny fomba fandehako aho, efa andriana iray aho.” Eny. “Apetraho eto ny tãnanao. Mianiàna amin'Andriamanitry ny Lanitra, fa tsy handevina ahy eto ianao.” Nahoana? Tsy nisy anankiray nahafantatra an'izay noresahany. Josefa no nahafantatra. Hoy izy hoe, “Ento any aho ary aleveno ao amin'io



tany nampanantenaina io.” Eo amin’io no nisy an’izany. Izany tokoa.

194 Rehefa maty i Josefa, taona maro taty aoriana, dia hoy izy hoe, “Aza alevinareo eto aho. Fa jereo ireo taolako rehefa mandalo ianareo, satria indray andro any dia hiala eto ianareo. Ary rehefa mandeha ianareo, dia ento miaraka aminareo ny taolako.”

195 Eo ianareo izao. Avelao izao tontolo izao hilaza an’izay tiany lazaina, ary hanao izay tiany atao. Isaorana anie ny Anaran’ny Tompo. Hazòny ao amin’i Kristy aho, raha nantsoina ho ny zavatra rehetra aho, fanatika iray, na holy-roller. Indray andro any dia ho avy Izy, ka ireo izay ao amin’i Kristy no ho entin’Andriamanitra miaraka Aminy, rehefa tonga Izy. Izany rehetra izany dia Fahamarinana ara-panahy, voambara mipetraka eo mihitsy, ary mila fisainana ara-panahy iray hahazoana an’Izany. Mijanòna eo amin’izany, mandritry ny andro. Eritrereto izany. Na dia tsy misy sakafo hariva aza ianareo, dia eritrereto izany.

196 Ary rahariva, dia hiditra ao amin’Ny Fitsaharany isika, izay tavela, ka hahita hoe inona io teny fikasana io amin’izao andro izao. Inona io zavatra io amin’izao andro izao? Raha tsy napetrak’Andriamanitra ato amin’ny Baiboly eto Izany, ka nanaporofa an’Izany, eto mihitsy Izany ankehitriny, amin’izay fotoana izay dia mpaminany sandoka iray aho. Marina tokoa izany. Fa eto Izany. Inona io Fitsaharana io?

197 Hoy izy hoe:

Ankehitriny, aoka isika . . . hatahotra, fandrao, na dia misy teny fikasana iray aza tavela ho antsika mba hidirana tahaka ny nataon’izy ireo mihitsy, . . .

198 Ary tsy maintsy ho ilay teny fikasana iray ihany Izany. Tsy maintsy ho ilay fitsaharana iray ihany Izany. Tsy maintsy ho ilay Andriamanitra iray ihany Izany. Tsy maintsy ho ireo famantarana iray ihany Izany. Tsy maintsy ho ilay zavatra iray ihany Izany. Fa ndao isika hitsahatra. Ankehitriny inona Izany? Ny Tompo anie hanaiky an’izany ho antsika, rahariva.

Raha manondrika ny lohantsika isika.

199 Tompo finaritra, ny Mandrakizay irery ihany no hanambara an’ireo zavatra lehibe izay iarahanay mizara ankehitriny. Kely . . .

Maro ireo voatendry ho amin’ny fanamelohana. Araka ny Nolazainao ao amin’ny Bokin’i Joda, hoe, “Ireo olona, voatendry mialoha ho amin’ny fanamelohana, izay naka ny fahasoavan’Andriamanitsika ka namadika an’izany ho fijejojejoana.” Ary maro amin’izao andro izao no mitory ny Filazantsara, ny fahasoavan’Andriamanitra, ka mamadika an’Izany ho tetika hahazoam-bola, manana fiangonana iray

goavana be ary ny be indrindra ao amin'ny sekoly Alahady, maka ny fahasoavan'Andriamanitra ka mamadika an'izany ho fijejojejoana. Ary jamba izao tontolo izao, ka mandeha tahaka ny kisoa jamba. Tsy mahazo izy ireo.

<sup>200</sup> O Andriamanitra, sokafy ho anay ny fahalalana. Aoka ny fahalalanay tsy ho tahaka ny an'ireo zanak'ity izao tontolo izao ity. Fa Ianao no nilaza ao amin'Ny Teninao, hoe, “Ny zanak'ity izao tontolo izao ity dia hendry lavitra noho ny zanaky ny Hazavana.” Toy izany ny tany amin'ny voalohany, “ireo zanak'i Kaina” dia lasa tompon'ny siansa malaza. Lasa mpanabe malaza izy ireo. Lasa mpiasan'ny fitaovana izy ireo. Nanohy nandroso izy ireo, tena mpivavaka, saingy voaheloka ary nilentika tao anatin'ny fitsarana. Ary nitsingevana teny ambonin'ny rano ny fatin'izy ireo, ary ny fanahiny lasa any amin'ny helo.

<sup>201</sup> Ary nandeha Jesosy ka niresaka tamin'izy ireo, rehefa maty Izy. “Ary nandeha tany amin'ny helo ka nitry teny tamin'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina, izay tsy nibebaka tamin'ny fahari-po, tamin'ny andron'i Noa,” hoy ny Soratra. Ary Andriamanitra, raha nitsangana teto an-tany Izy, dia hoy Izy hoe, “Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona.”

<sup>202</sup> Fa mahamarika izahay, “ilay taranak'i Seta avy eo,” lehilahy manetry tena, tena lehilahin'Andriamanitra, tsy nahafantatra be loatra an'ireo zavatr'izao tontolo izao, tsy niahy na inona na inona ny amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, fa nanaisotra ny mitambesatra rehetra ka nino an'Andriamanitra, ary lasa mpaminany sy lehilahy malazan'ny Fanjakana. Raha ireo hafa, ilay izao tontolo izao mpivavaka hafa, dia nihomehy azy ireo, naneso azy ireo. Fa tonga ny ora izay nahatongavan'ireo tondra-drano sy fitsarana.

<sup>203</sup> Toy izany koa tamin'ny fihavian'i Jesosy Kristy. Toy ny ahoana no nihomehezan'izy ireo sy nanesoiny Azy, raha mbola nanana an'ireo fivavahany manokana sy ireo fiangonany malaza izy ireo. Fa naneso an'ilay Kintan'ny Maraina izy ireo, ary nihomehy Azy. Kanefa niditra tao amin'ny fitsarana izy ireo. Ary rehefa nandositra izy ireo ka niditra tao Jerosalema, dia nihinana an'ireo zanany manokana izy ireo, nohon'ny hanoanana, ka nivoaka avy teo amin'ireo vavahadin'ny lalambe ny ràn'izy ireo rehefa nandro ny tanàna sy ny tempoly izy ireo, ary lasa any amin'ny helo ny fanahiny.

<sup>204</sup> Tompo, eto indray izahay, eo amin'ilay fahatelo. Ity no fotoan'ny fiainana. Ny telo dia isan'ny fiainana. Ary eto izahay, vonona ho an'ny Fampakarana.

Mandroso ilay Fiangonana; ilay izao tontolo izao siantifika malaza; feno mpino mpisalasala ireo fiangonana amin'izao andro izao. An'aliny no miaraka amin'ny anarany eo amin'ilay

boky, eny, an-tapitrisany, ary mihomehy ny Filazantsara, ka milaza, fa, “Tsy nianatra izy ireo. Tsy mahafantatra izy ireo.”

Angamba izany ilay izy, Tompo, saingy ny tsy ampy aminay ao amin’ny fianarana, dia Ianao no mameno azy amin’ny fahasoavana; amin’ny fanirahana Ny Anjelin’ny Fahazavanao, amin’ny fanehoana ny Heriny, manamarina an’ireo Teny amin’ireo mahantra sy tsy mahay mamaky teny tahaka anay. Fa tianay Ianao ny amin’izany, satria ny fahasoavan’Andriamanitra no nanao an’izany, ary fantatray fa nateraka izahay. Ary izahay dia tsy maha-te-ho tia, mihitsy. Tena tsy maha-te-ho tia izahay. Fa Ianao, tamin’ny alàlan’ny fahasoavana, no naninjitra ny Tànàm-pamindramponao ary nanokatra ny masonay, satria Jesosy no nivavaka ho anay; tahaka ny nivavahan’i Elia ho an’i Gehazy, raha nijery izy mba hahita ny manodidina azy. Ary androany dia misokatra ny masonay, ka mahita an’ireo zavatr’Andriamanitra izahay, ary mahafantatra fa mihetsika ao amin’ny andro farany izahay; raha efa saiky tapitra ireo andron’ny vahoaka Jentilisa, ka haka vahoaka iray ho an’Ny Anarany Izy. Aoka ho tafiditra ao izahay, Tompo, miangavy am-panetre-tena izahay. Mangataka izahay mba Hanekenao an’izany.

<sup>205</sup> Tahio izahay. Tahio ity mpanatrika kely ity izao maraina izao. Avy tamin’ny karazana fivavahana sy finoana samihafa rehetra izy ireo, saingy esory amin’izany izy ireo androany, Andriamanitra. Ary enga anie izy ireo hijery mahitsy mankany Kalvary, hanao hoe, “Andriamanitra, lasiro aho ary amboary aho. Izaho dia tahaka an’ilay...” Nilaza ilay mpaminany fa nandeha nankany an-tranon’ny mpanefy izy, mba hahatonga azy ho vakivakiana sy ho lasirina indray. Lasiro izahay ka amboary araka ny fanao izay hanaovan’Andriamanitra anay. Tsy mampaninona raha tsy maintsy ho karipetra ao amin’ny Tranon’ny Tompo izahay. Aleoko ho famafan-tongotra toy izay hitoetra ao anaty tranolay miaraka amin’ny ratsy fanahy. Ary ekeo izany, Tompo. Tahio fotsiny izahay ankehitriny, ary tehirizo ho manetry tena izahay. Aoka ny fonay hisokatra, ny sainy hadio, amin’ireo zavatr’Andriamanitra, fa mangataka an’izany amin’ny Anaran’i Kristy izahay.

<sup>206</sup> Miaraka amin’ny lohantsika miondrika, dia manontany aho raha misy olona iray te-ho tsarovana ao amin’ny tonombavaka iray, ho an’ny famonjena ny fanahinareo? Hanangana ny tàmnanareo ve ianareo, fa mpanota iray fotsiny? Andriamanitra hitahy anao, ry sakaiza tanora. Olon-kafa iray? Andriamanitra hitahy anao, iry aoriana iry, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Olon-kafa iray te-ho tsarovana ao amin’ny vavaka izao ankehitriny izao, ho an’ny fanahinareo? Andriamanitra hitahy anao, tompoko, miaraka amin’ny tàmnanao mitsangana. Ary Andriamanitra hitahy anao, ary ianao eto. Mahafinaritra. Hisy anankiray hafa ve, alohan’ny hamaranana

mihitsy? Mahatsapa aho fa hisy. Andriamanitra hitahy anao, iry aoriana iry, tompoko, any aoriana.

<sup>207</sup> Hono ho'aho, jereo ankehitriny, te-hanontany zavatra iray aminareo aho. Tsy tiako hieritreritra mihitsy ianareo hoe satria ity tabernakla kely ity izany. Tsy tiako hieritreritra ianareo hoe satria ity vahoaka ity izany. Ary Andriamanitra mpamindra fo, aza mieritreritra hoe satria ilay Anjelin'ny Tompo no naka ny Sariny niaraka tamiko, ary izaho...ary—ary zavatra avy amin'izany, no hanaovana an'ilay izy. O Andriamanitra! Raha tahaka an'izany no tsapako, amin'izay fotoana izay, rahalahy, dia mila ho eo amin'ny alitara aho raha tokony hanontany anareo. Fa milaza an'izao fotsiny ihany aho, milaza an'izao fotsiny ihany amin'ny alàlan'ny Soratra aho, mba hahitanareo fa izao no Fahamarinana. Raha nilaza an'izany aho, ka izay ihany ny amin'ilay izy, nanohy tahaka ny mpitory teny hafa na zavatra hafa iray, na hafa iray, eny, amin'izay fotoana izay, dia ho hafa ilay izy. Fa mahita an'ilay zavatra ianareo, miverina avy hatrany Andriamanitra ka manaporofa fa izany no Fahamarinana. Hitanareo? Ny manao Azy ho tena misy, dia Andriamanitra manaporofa an'izany. Ary noho izany, tsy izany ihany, fa Ny Teniny no milaza fa Hataony izany. Indro Izy manao an'ilay izy.

<sup>208</sup> Ankehitriny raha tsy ao amin'ilay marina ianareo, raha tsy mahitsy amin'Andriamanitra ny fonareo, dia hanangana ny tãanareo fotsiny ve ianareo? Manaova hoe, “Mivavaha ho ahy.” Eny àry, eo amin'izay misy anareo mihitsy. Eo amin'ny tãnana valo na folo no nitsangana, mila famindrampo ho an'ny fanahin'izy ireo. Raha manondrika ny lohanareo ianareo, dia mivavaha ianareo ankehitriny. Tsarovy, ianao no mila mibebaka. Mangataka ho anareo fotsiny aho, mba hamindra fo Andriamanitra. Fa izany no alitara, nitondra anareo teo amin'ny toerana iray Andriamanitra ao an-tsainareo; izany no alitara. Mino ny fanatonana ny alitara isika, azo antoka, saingy izany dia tsy—izany dia tsy... Mety tsara daholo izany. Saingy ny tena alitaranareo dia eo amin'izay nihaonan'Andriamanitra taminareo. Ary nihaona taminareo eo amin'izay ipetrahanareo mihitsy Izy. Izany no alitaranareo.

<sup>209</sup> Ankehitriny manaova hoe, “Andriamanitra, mamindrà fo amiko, mpanota iray. Ary manomboka amin'ity andro ity, raha hanampy ahy Ianao, dia hivelona ho Anao aho. Izaho dia—hanompo Anao aho. Tsy ahoako izay lazain'ny olona rehetra, manao dingana aho, izao maraina izao. Mivavaka eto mihitsy aho, ka Ianao no hanaisotra an'io fanahy ratsy tsy miraharaha io hiala amiko. Ianao no hanaisotra an'io fahatezerana io hiala amiko. Fantatro fa tsy afaka manao tahaka an'izany aho nefa ho mahitsy amin'Andriamanitra. Ary manana fankahalana ato am-poko aho. Mialona aho. Manana lolom-po aho. Manana an'ity, itsy aho. Esory izany, Andriamanitra. Tsy te-ho tahaka

an'izany aho. Ataovy malemy fanahy aho, sy manetry tena, ary malemy. Ataovy mora fanahy aho. Ataovy karazan'olona iray aho ahafahako mahazo an'ireo hafa ho Anao. Avelao aho hanao zavatra ho Anao mba hanehoana fankasitrahana eo amin'ny fiainako.” Izany no vavaka ivavahanareo ankehitriny, raha miara-mivavaka isika.

<sup>210</sup> Ray any An-danitra, Anao izy ireo. Izy ireo no vokatry ny Hafatra izao maraina izao. Nanangana ny tånany izy ireo. Nisy zavatra nampanao azy ireo an'izany. Izy ireo, nanohitra ny lalàn'ny fihazonan'ny tany izy ireo rehefa nanangana ny tånany. Nisy fanahy iray tao anatin'izy ireo izay naka fanapahan-kevitra iray. Nanangana ny tånany izy ireo, hoe nanaiky an'ilay Mpamorona Izay nanao azy.

<sup>211</sup> Ankehitriny, Ray any An-danitra, mivavaka aho mba Hitahiano azy ireo, sy hanome azy ireo ny Fiainana Mandrakizay, izao ankehitriny izao. Tsy misy na inona na inona azoko atao; miantso azy ireo hanodidina ny alitara, mametraka azy ireo ao amin'ny efitra iray manokana, manao ny asa rehetra. Izany, mila Anao ny fanaovana an'izany, Tompo. Tsy afaka manao ankoatry ny mitory ny Teny izahay. Hoy Ianao hoe, “Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Teny, ny Tenin'Andriamanitra.” Ankehitriny, efa nitory ny Teny izahay, ary efa nanangana ny tånany izy ireo, hoe nino an'izany izy ireo. Ankehitriny dia omeo azy ireo ny Fiainana mandrakizay, satria Ianao no nampanantena fa Hataonao izany. Raha tso-po izy ireo tamin'ny fananganana ny tånany, dia handeha hivoaka an'ity tranobe ity izy ireo izao maraina izao, ho Kristiana malemy fanahy, mora fanahy, manetry tena, satria Ianao no nampanantena an'izany. Ary tsy mety diso Ny Teninao. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho. Amena.

Ankehitriny dia miambina aho, miandry ary maniry mafy,

An'io Tanàna mamiratra io, izay hitan'i Jaona nidina.

Ao amin'io Tanàna mamiratra io, (manompoa ankehitriny), Tanàna perla fotsy,

Dia manana fonenana iray aho, harpa iray ary satroboninahitra iray;

Ankehitriny dia miambina aho, miandry ary maniry mafy,

An'io Tanàna mamiratra io, izay hitan'i Jaona nidina.

<sup>212</sup> Tsy tianareo fotsiny ve Izy? Tapitra ny hafatra, ankehitriny. Fanompoana ity. Tsy tonga any am-piangonana mba hihaino hafatra iray fotsiny isika. Tonga isika mba hanompo. Adinoy fotsiny ilay olona eo akaikinareo. Manompoa Azy fotsiny. Oh,

tsara tarehy toy ny ahoana! Tsara tarehy toy ny ahoana! Teneno Aminy fotsiny ao amin'ny...Tsy mila miteny mafy Aminy ianareo. Mitenena Aminy fotsiny ao am-ponareo hoe, "Tiako Ianao, Tompo. Mamelà ahy ny amin'ny fahotako." Oh, oadray!


...Tanàna perla fotsy,  
 Dia manana fonenana iray aho, harpa iray ary  
 satroboninahitra iray;  
 Ankehitriny dia miambina aho, miandry ary  
 maniry mafy,  
 An'io Tanàna mampiratra io, izay hitan'i Jaona  
 nidina.

<sup>213</sup> Ry Rainay, Andriamanitra, raiso izahay. Miandry izahay, raha mihaino ny Teny izahay, maniry mafy. "Mangetaheta Anao ny fonay, tahaka ny dieravavy maniry ny rano an'ony. Mangetaheta Anao ny fanahinay, O Andriamanitra." Maniry mafy ary miandry, miandry an'io ora izay hihavian'i Jesosy io, miandry an'ilay fotoana izay hiantsoana anay ho eny amin'ny lanitra. Tsy hoe hitsangana eo anoloan'ilay Mpitsara ao amin'ny fitsarana; efa lasa izany. Maty ny amin'ireo zavatr'izao tontolo izao izahay, ary niditra tao amin'i Kristy, ka Izy no naka ny fitsaranay. Izy no Mpisolovavanay ankehitriny, eo amin'ny sezam-pitsarana. Ny Mpisolovavanay finaritra, izay, eo amin'ny fiaikenay, dia Izy no mandahatra ny raharahanay mandra-pahatonganay hahafantatra fa tsy mendrika izahay. Tahaka ny anabavy antitra malala iray aninkeo maraina, izay nilaza tao amin'ny fijoroany vavolombelona, ka nandatsaka an'ireo iraimbilanjany hoe, "Hatramin'ny nahatongavako teto dia nianatra aho fa tsy ny fahamasinako Izany, izany dia ny fahamasinan'Andriamanitra."

<sup>214</sup> Marina tokoa, Tompo, mampianatra ny olona izahay, tsy misy na inona na inona tsara ao anatin'ny olona, tsy misy zavatra iray. "Inona moa ny olona no Ahatsiarovanao azy?" Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no niseho taminay. Ary matoky ny Fahamendrehany fotsiny ihany izahay, tsy ny anay manokana. Ary manompo Anao izahay, Andriamanitra Masina Indrindra, nohon'ny Fahatsaram-panahinao, nampiditra anay tao anatin'Ny Fanjakanao lehibe, tao anatin'ny Planinao lehibe. Mandray Anao ao am-ponay izahay, amin'ny finoana. Ary nohon'ny fahasoavana, dia mino izahay fa Ianao no nanome an'izany ho anay ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, ho an'ny asan'Andriamanitra.

<sup>215</sup> Ankehitriny, Tompo, sitrano ny marary raha manatona mba hivavahana izy ireo, izao maraina izao. Omeo azy ireo io fifaliana io, fa maniry mafy ny ho salama izy ireo. Aoka izy ireo hahafantatra fa io fahoriana kely, maivana io izay napetraka teo amin'izy ireo, dia fotoam-pitsapana kely iray fotsiny. Andriamanitra no mahafantatra ny rehetra mikasika an'izany. Nataony izany mba hahitana an'izay hataonay mikasika

an'izany. Ahoana fa Andriamanitra . . . Enga anie izy ireo hanao dingana eo avy hatrany ka hitaky an'io asa efa vita io! Enga anie Ianao . . . Enga anie izy ireo tsy hampahasotra Anao, amin'ny fihazakazahana *eto sy etsy*, ary *miditra sy mivoaka*, “Eny, tsy fantatro *ity, itsy*.”

<sup>216</sup> Tompo, enga anie izy ireo haka toerana mahitsy, hanao hoe, “Tompo, Ianao no ilay Anankiray izay namonjy ahy. Ianao no ilay Anankiray izay nanao an'ireo zavatra ireo ho ahy. Mino Anao aho, ary matoky Anao aho, androany.” Ary mivavaka aho mba Hanekenao an'izany ho an'ny olona, amin'ny Anaran'i Kristy. Amena. 

*HEBREQ, TOKO FAHATELO* MAG57-0901M  
(Hebrews, Chapter Three)

ANDIAN'NY BOKIN'NY HEBREQ

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 1 Septambra 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)



## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)